ATAO LOHALAHARANA ANDRIAMANITRA

DEPARTEMANTA MISAHANA NY FITANTANAM-PIAINANA KRISTIANINA

# ATAO LOHALAHARANA ANDRIAMANITRA

## HERINANDRO FIFOHAZANA HO AN'NY FITANTANAM-PIAINANA KRISTIANINA

DESAMBRA 2022



# ATAO LOHALAHARANA ANDRIAMANITRA


## HERINANDRO FIFOHAZANA
## HO AN'NY FITANTANAM-PIAINANA KRISTIANINA

**Desambra 2022**

ATAO LOHALAHARANA ANDRIAMANITRA
DEPARTEMANTA MISAHANA NY FITANTANAM-PIAINANA KRISTIANINA

# Fizahan-Takila


**Andro 1**



4 — MANAO AN'ANDRIAMANITRA HO LOHALAHARANA

GUILLERMO E. BIAGGI

**Andro 2**



7 — SAHY MIROSO LALINDALINA KOKOA KA MANAO NY LAHARAM-PAHAMEHANA HO LOHALAHARANA

MELODIE MASON

**Andro 3**



10 — MIKOLOKOLO FIFANDRAISANA TSARA

WILLIE sy i ELAINE OLIVER

**Andro 4**



13 — MIKOLOKOLO FAHAZARANA MAHASALAMA NY SAINA

JULIAN MELGOSA

**Andro 5**



16 — REHEFA MIVAVAKA MBA HAHAZOANA FANAHY HO AN'ANDRIAMANITRA IANAO, DIA MINOA!

RAMON CANALS

**Andro 6**



19 — NY FITANDREMANA NY SABATA

HISKIA SY ELLEN MISSAH

**Andro 7**



22 — MANAO VARAVARANKELY ENY AMIN'NY LANITRA

ANIEL BARBE

**Andro 8**



25 — FANATITRA ANKASITRAHANA SY FANATITRA TSY ANKASITRAHANA

MARCOS F. BOMFIM

# FAMPIDIRANA



Marcos Faiock Bomfim

Talen'ny Departemantan'ny Fitantanam-piainana Kristianina any amin'ny Foibe Maneran-tany

**Atao lohalaharana Andriamanitra**, izany no teny filamatry ny Departemantan'ny Fitantanam-piainana Kristianina any amin'ny Foibe Maneran-tany. Amin'ny maha-fahamarinana avy amin'i Jesôsy io teny filamatra io (Mat. 6:33), dia mihoatra lavitra noho ny tetikady hisarihana ny olona ao amin'ny tambajotran-tseraserantsika izany. Manainga antsika rehetra izany hiala avy amin'ny fanekena ara-tsaina ny fahalehibeazan'Andriamanitra ho amin'ny fampiharana eo amin'ny fiainantsika isan'andro ireo laharam-pahamehana.

Manambara izany fa tsy ampy ny manao izay zavatra tokony hatao, fa iankinan'aina tokoa ny filaharan'ireo zavatra ireo araka ny tokony ho izy eo amin'ny fanatanterahana sy ny fandaminantsika azy. Ohatra: raha tsy atolotsika ho an'Andriamanitra ny fotoana voalohany indrindran'ny tontolo androntsika, dia ny asa voalohany indrindra ataontsika aorian'ny fifohazana, dia tsy afaka manatanteraka amintsika ilay teny fikasany hoe: *"hanampy ho anareo izany rehetra izany"* Izy (Mat. 6:33). Mety tsy hahatsapa fandrosoana ny Kristianina maniry fatratra an'Andriamanitra eo amin'ny fiainany ara-panahy sy ara-nofo noho ny tsy fanaovany an'Andriamanitra ho lohalaharana.

Ny tanjon'ity herinandro fiaraha-mivavaka ity dia ny hanampy ny mambran'ny fiangonana hitombo fanandramana isan'andro amin'ny fampiharany eo amin'ny fiainana ny hoe "Andriamanitra aloha." Mazava loatra, fantatsika rehetra fa tsy vita izany raha tsy miova fo aloha isika, izay fanovana ataon'ny Fanahy Masina. Izany no tena ilaintsika indrindra! Manomboka ny asa fanovana ary miitatra rehefa mifidy ny hanolo-tena ary hanolo-tena hatrany isika. Mampirisika sy manampy ho amin'izany ity herinandro fifohazana ho an'ny Fitantanam-piainana Kristianina ity.

Na dia tokony hahakasika ny lafim-piainana rehetra aza ilay foto-kevitra hoe "Andriamanitra aloha," dia lafiny valo mifandraika amin'ny fitomboan'ny fifandraisantsika ety amin'Andriamanitra sy ny fitokiantsika Aminy no tena iompanan'ny hafatra.

Ankoatra ny ao amin'ny fivorian'ny fiangonana ao anatin' ny tontolon-kevitry ny Fitantanam-piainana Kristianina, dia azonao atao ny mampiasa ity boky ity ao anatin'ny tarika madinika, mandritra ireo fotoana ara-pivavahana manokana, hakana toriteny, na koa azonao ampiasaina amin'ny fotoam-bavakao manokana mandritra ny taona izany.

Andriamanitra no isaorantsika voalohany, Ilay Mpahary antsika, Mpanome, ary Mpamelona, na dia tsy azontsika hadinoina aza ireo izay nanaiky hampiasainy teo ampanoratana ny toriteny: Guillermo Biaggi, Melody Mason, Willie sy Elaine Oliver, Julian Melgosa, Ramon Canals, Hiskia sy Ellen Missah, ary i Aniel Barbe.

Andriamanitra anie hitahy ny olony raha hampiasa ity fitaovana tsotra kanefa mahomby ity Izy, mba hanampiana azy ireo hanao Azy ho lohalaharana.

ANDRO 1

# MANAO AN'ANDRIAMANITRA HO LOHALAHARANA

Nosoratan'i **GUILLERMO E. BIAGGI**

Diniho ny zavaboary manodidina antsika. Henoy ny feon'ny voronkely. Tazano ireo biby mahafinaritra sy mahavariana izay mifalihavanja. Jereo ny loko marevaky ny voninkazo, sady manitra erỳ. Malefaka toa velory ny felany. Iza no namorona izao zavaboary kanto izao? Tsy iza fa ilay Andriamanitra tokana sady marina, Ilay Mpahary sy Mpanome ary Mpanavotra.

Manamafy izany i Jaona raha nanoratra hoe*: "Tamin'ny voalohany ny Teny, ary ny Teny tao amin'Andriamanitra, ary ny Teny dia Andriamanitra. Izy dia tao amin'Andriamanitra tamin'ny voalohany. Izy no nahariana ny zavatra rehetra; ary raha tsy Izy dia tsy nisy nahariana izao zavatra ary izao, na dia iray aza."* (Jao. 1:1-3.) *"Ary ny Teny dia tonga nofo ka nonina tamintsika; ary hitanay ny voninahiny, dia voninahitra miendrika ho an'ny Lahitokana avy tamin'ny Ray, sady feno fahasoavana sy fahamarinana."* (Jao. 1:14.) *"Nony ampitso dia nahita an'i Jesosy avy manatona azy Jaona* (mpanao batisa)*, ka hoy izy: 'Indro ny Zanak'ondrin'Andriamanitra, Izay manaisotra ny fahotan'izao tontolo izao!'"* (Jao. 1:29.)*"Andrea, rahalahin'i Simona Petera, no anankiray tamin'izy roa lahy, izay nandre ny tenin'i Jaona ka nanaraka an'i Jesosy. Izy no nahita an'i Simona rahalahiny aloha, dia hoy izy taminy: Efa nahita ny Mesia izahay (izay atao hoe, raha adika ny Kristy)."* (Jao. 1:40,41.) *"Fa toy izao no nitiavan'Andriamanitra izao tontolo izao: nomeny ny Zanani-lahy Tokana, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy, fa hanana fiainana mandrakizay."* (Jao. 3:16.) Mampiseho mazava ny asa mahatalanjon'Ilay Mpamorona mahay, Mpahary, dia i Jesôsy Kristy Mpanavotra antsika, ny Tenin'Andriamanitra sy ny zavaboary.


Ankoatra izany, ny valiny tokony hasetrin'ny olombelona izany dia tahaka ity fanambaran'i Davida ity: *"Avy aminao ny harena sy ny voninahitra, ary Hianao no manjaka amin'izao rehetra izao; eo an-tànanao ny hery sy ny tanjaka, ka eo an-tànanao koa ny mampahalehibe sy ny mampahatanjaka izao rehetra izao. Koa ankehitriny misaotra Anao izahay, ry Andriamanitray ô, sy midera ny anaranao be voninahitra. Fa zinona moa aho, ary zinona moa ny oloko, no ahazoanay hery hanatitra toy izao? Fa avy aminao ny zavatra rehetra, ary avy tamin'ny Anao ihany no nanomezanay Anao."* (1 Tant. 29:12-14.)

Fomba fijery hafa kely izany omen'ny Soratra Masina antsika izany momba ny diantsika eto amin'ity fiainana ity. Ny Tompo Andriamanitsika no mpahary (Azy avokoa izao tontolo rehetra izao noho izany), ary manome izay ilaintsika Izy mba hahafahantsika manao Azy ho lohalaharana. Olombelona marefo ihany anefa isika, ary matetika no tsy mahatoky amin'ny fahapahan-kevitsika sy ny toky omentsika! Koa ahoana àry ny fomba hananantsika fahavononana maharitra sy arahim-pifaliana eo amin'ny fanaovana an'Andriamanitra ho lohalaharana eo amin'ny fiainantsika?

Ary ahoana no ametrahantsika Azy amin'ny toerana voalohany eo amin'ny fitantanantsika ny fananana omeny antsika na be izany na kely?

Ireto misy teboka dimy mety hanampy antsika hanao an'Andriamanitra ho lohalaharana:

1. **Ny finoana**: Mila finoana isika mba hahavitana izany. *"Ny finoana no fahatokiana ny amin'ny zavatra antenaina, fanehoana ny zavatra tsy hita."* (Heb. 11:1.) Resaka fitokiana izany raha ny marina. Andriamanitra Izy. Mpahary Izy. Izy no manome izay ilaintsika (Fil. 4:19). Izy no Mpamonjy antsika, Izay *"tonga (...) hitady sy hamonjy ny very,"* (Lio. 19:10) dia izaho sy ianao. Noho izany, satria fantatsika fa mitombo amin'ny alalan'ny famakiana ny Soratra Masina ny finoana (Rôm. 1O:17), dia ho azontsika atao tsara ny hino Azy. Manazava tsara izany koa i Sôlômôna: *"Matokia an'i Jehovah amin'ny fonao rehetra, fa aza miankina amin'ny fahalalanao; maneke Azy amin'ny alehanao rehetra, fa Izy handamina ny làlanao."* (Ohab. 3:5,6.) Nisaintsaina ny amin'ny fahamarinana lehibe voarakitra ato amin'ity fanambaran'i Ellen G. White ity aho: *"Tsy azo sarahina ny fahamarinana sy ny voninahitr'Andriamanitra; tsy azontsika atao, raha mbola eo am-pelatanantsika koa ny Baiboly, ny hanome voninahitra an'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fiheverana diso. Betsaka no milaza fa tsy mampaninona izay inoana rehefa manao ny marina eo amin'ny fiainana. Nefa ny finoana no mamolavola ny fiainana. Raha azontsika fantarina ny fahazavana sy ny fahamarinana, kanefa tsy araraotintsika ny tombontsoa ananantsika handre sy hahita, dia tahaka*



*ny mitsipaka izany isika; misafidy ny haizina isika fa tsy ny fahazavana."* – HM, t. 623.

Te hifidy ny fahazavana aho, te hifidy an'i Jesôsy. Maniry ny hanao an'Andriamanitra ho lohalaharana amim-pinoana aho eo amin' ny fiainako, amin'ny lafiny rehetra, anisan'izany ny fitantanana izay fananana nomeny ahy. Ary ianao?

**Ahoana àry no hananantsika fahavononana maharitra sy arahim-pifaliana eo amin'ny fanaovana an'Andriamanitra ho lohalaharana eo amin'ny fiainantsika?**

2. **Mibanjina Ilay "tsy hita"**: Tsy ny finoana ihany no ilaintsika mba hanaovana an'Andriamanitra ho lohalaharana fa mila mibanjina Ilay "tsy hita" koa isika; toa an'i Mosesy izay *"Finoana no nandaovany an'i Egypta, ka tsy natahorany ny fahatezeran'ny mpanjaka; fa naharitra toy ny mahita Izay tsy hita izy."* (Heb. 11:27.) Afaka misafidy malalaka ve isika ka hanapa-kevitra isan'andro ny hampifantoka ny fijerintsika amin'i Jesôsy? (Heb. 12:2). Tsy hita maso ny Tompo kanefa tena misy. Hoy koa i Mosesy: *"Mihainoa, ry Isiraely: Jehovah Andriamanitsika dia Jehovah* ***iray*** *ihany."* (Deo. 6:4.) Te hanoro lalana antsika izy!

Izao no nosoratan'i Ellen G. White: "Miantso anao ny Tompo (...) mba hijery izany zavatra izany amin'ny maso nohazavain'ny Fanahy Masina fa tsy nohazavain'ny mpanoro hevitr'izao tontolo izao. Raiso araka izay fivakiny ny Teny. (...) Aoka hamirapiratra eo alohanao sy ao aorianao ary manodidina anao ny haren'ny voninahitry ny lanitra, satria fahazavana avokoa ianareo ao amin'ny Tompo." – Letter 110, 8 Aogôsitra 1899, nosoratana ho an'ny vehivavy mpanankarena iray." – *The Upward Look* (Washington, D.C.: Review and Herald Pub. Assn., 1982), t. 234.

Minoa an'Ilay Andriamanitra tokana. Aoka hanapa-kevitra hankeo anatrehany isan'andro (manao fotoam-bavaka isan'andro, mivavaka manokana, misaintsaina ny teny fikasany, mandinika ny Soratra Masina), aoka ho tahaka ny an'i Davida ny fanirian'ny fonao: *"Zavatra iray loha no nangatahiko tamin'i Jehovah, izany no hotadiaviko, dia ny hitoetra ao an-tranon'i Jehovah amin'ny andro rehetra hiainako, mba ho faly mijery ny fahasoavan'i Jehovah sy mandinika ny tempoliny."* (Sal. 27:4.) Manokana fotoana handinihana isan' andro ny *"fahasoavan'i Jehôvah"* ve isika? Andeha hanokana fotoana isan'andro, vao maraina (Sal. 5:3), mba hibanjina ny hakanto sy ny hatsaran'ny toetrany, fitiavana Izy (Jer. 31:3, Jao. 3:16); mandrakizay Izy (Heb. 13:8), masina sy marina ary mahitsy (Sal. 75:7; Apôk. 6:10); mpamindra fo sy mahatoky ary be fiantra (Eks. 33:19; Fit. 3:22,23; Heb. 13:5). Tena tsara ny Andriamanitsika!

3. **Ny fahamarinana:** Mba hanaovana an' Andriamanitra ho lohalaharana dia tsy ny finoana sy ny fibanjinana Ilay tsy hita ihany no ilaintsika, fa mila manandrana ny fahamarinany mahagaga koa isika. Fantatr'i Paoly tsara izany, ka hoy izy: *"Ary mba ho hita ao aminy aho tsy manana ny fahamarinako, izay avy amin'ny lalàna, fa izay avy amin'ny finoana an'i Kristy, dia ny fahamarinan'Andriamanitra amin'ny finoana."* (Fil. 3:9.) Eny, mila ny heriny manova ny fiainantsika (Rôm. 12:2) mba hahaizantsika mifidy marina ny hikatsaka ny fanjakany sy ny fahamarinany aloha, dia hanampy ho antsika izany rehetra izany (Mat. 6:33).

Mifidy ny hanao an'Andriamanitra ho voalohany isika satria tsapantsika fa manana planina ho antsika tsirairay Izy, ary manome toky antsika

momba izao tombontsoa lehibe izao i Paoly: *"Koa dia iraka solon'i Kristy izahay, toa an'Andriamanitra mampangataka anay aminareo, solon'i Kristy izahay ka mangataka indrindra aminareo hoe: mihavàna amin'Andriamanitra anie hianareo. Izay tsy nahalala ota dia efa nataony ota hamonjy antsika, mba ho tonga fahamarinan'Andriamanitra ao aminy kosa isika."* (2 Kôr. 5:20, 21.)

4. **Ny fanompoana an'Andriamanitra:** Tsy ireo telo voalaza teo aloha ireo ihany no ilaina mba hanaovana an'Andriamanitra ho lohalaharana fa indrindra koa ny mamaly ny antso mba hanompo Azy!
Manazava io fanandramana manan-danja teo amin'ny fiainany io i Isaia, izay maneho ny fanirian'ny Tompo ho antsika tsirairay: *"Ary nandre ny feon'ny Tompo aho nanao hoe: Iza no hirahiko, ary iza no handeha ho irakay? Dia hoy izaho: Inty aho, iraho aho."* (Isa. 6:8.) Mba hiainantsika izany tombontsoan'ny fanaovana an'Andriamanitra ho voalohany sy ny famaliana ny antsony isan'andro izany dia ilaintsika ny ho sahy milaza hoe: Handeha aho!
Hoy i Ellen G. White ao amin'ny boky "Dia ho eo amin'i Kristy":
*"Izay ilainao dia ny hahafantatra ny tena herin' ny sitrapo. Izany no hery mibaiko eo amin'ny toetran'olombelona, dia ny herin'ny fanapahan-kevitra, na ny herin'ny safidy. Miankina amin'ny herin'ny sitrapo ny zavatra rehetra. Efa nomen'Andriamanitra ny olombelona ny herin'ny safidy, ka anjarany ny mampiasa izany. Tsy hainao ny manova ny fonao; tsy hain'ny tenanao ny hanome ny fitiavanao ho an'Andriamanitra, nefa azonao atao ny mifidy hanompo Azy. Azonao omena Azy ny sitraponao ary amin'izay dia hiasa ao anatinao Izy amin'ny fikasana sy ny fanaovana hahatanteraka ny sitrapony. Koa dia ho tonga ao ambany fanapahana feno herin'ny Fanahin'i Kristy ny tena amam-panahinao rehetra; dia hiompana Aminy ny fitiavanao ary hifanaraka amin'ny Azy ny hevitrao."* – DHK, tt. 56, 57.
Hameno fiadanana ny fiainanao ny fanapahanao hevitra hanao an'Andriamanitra ho lohalaharana rehefa manolo-tena hanompo Azy ianao. "Ny fanahy manolo-tena hanompo an'i Kristy dia manana fiadanana izay tsy hain'izao tontolo izao omena na esorina aminy." – MLT, t. 176.


5. **Ny fitantanana ny harena nomen' Andriamanitra:** Ankoatra ny mino, ny mibanjina Ilay tsy hita, ny miaina ny fahamarinany, ary ny manapa-kevitra hanompo Azy, dia miseho amin'ny fomba fitantanantsika ny harena napetraky ny Raintsika any an-danitra eo an-tanantsika koa ny fanaovantsika Azy ho lohalaharana sy ny fahavononantsika hanao izany. Amin'ny maha-mpitandrina fananana tsara antsika dia tiantsika ny handre teny fankasitrahana avy amin'ny Tompo manao hoe: *"Tsara izany, ry mpanompo tsara sady mahatoky; nahatoky tamin'ny kely hianao, dia hotendreko ho mpanapaka ny be; midira amin'ny fifalian'ny tomponao."* (Mat. 25:21.)
Misy ady ara-panahy ataontsika eto amin'izao tontolo izao, izay ifanandrinantsika amin'ny herin'ny ratsy, ary tian'ny Tompontsika hahomby sy handresy ny karazana fakam-panahy rehetra isika, ka hanome voninahitra Azy mandrakariva. Kanefa ny fanontaniana mipetraka dia izao: *"Handroba an'Andriamanitra va ny olona, no mandroba Ahy hianareo? Nefa hoy hianareo: Amin'inona moa no androbanay Anao? Amin'ny fahafolon-karena sy ny fanatitra. Voaozona amin'ny ozona hianareo nefa Izaho no robainareo, dia izao hianareo rehetra iray firenena izao. Entonareo ny fahafolon-karena rehetra ho ao amin'ny trano firaketako, mba hasian-kanina ao an-tranoko, ary izahao toetra amin'izany Aho, hoy Jehovah, Tompon'ny maro, raha tsy hovohàko ny varavaran'ny lanitra ho anareo ka hampidinako fitahiana manana amby ampy ho anareo."* (Mal. 3:8-10.)
Ny fampiharantsika ny toromarika avy amin' Andriamanitra eo amin'ny fanandramantsika manokana dia fitahiana lehibe tokoa ho an'ny fiainantsika, ny ankohonantsika, sy ny fiangonantsika! "Ireo fiangonana manana fomba fiasa mirindra sy malala-tanana indrindra eo amin'ny fanohanana ny asan'Andriamanitra no mandroso indrindra ara-panahy." – TFC, b. 3, t. 405.



**Guillermo Biaggi**, **DMin**, dia filoha lefitra ao amin'ny Foibe maneran-tanin'ny Fiangonana Advantista Mitandrina Ny Andro Fahafito.

**MIVOADY AHO FA ...**

*Hivavaka isan'andro amin'ity herinandro ity. "Tompo ô, ampio aho hanao Anao ho lohalaharana. Ampio aho ho mahatoky sy hahalala-tanana ny amin'ireo fananana izay efa nitahianao ny fianako sy ny ankohonako. Tiako ny hanao anao ho lohalaharana eo amin'ny lafim-piainako rehetra sy izay momba ny ankohonako, ary ny ho mahatoky sy ho malala-tanana ny amin'ny ampahafolony sy ireo fanatitra rehetra. Amin'ny anaran'i Jesôsy. Amena."*



ANDRO 2

# SAHY MIROSO LALINDALINA KOKOA KA MANAO NY LAHARAM-PAHAMEHANA HO LOHALAHARANA

**Nosoratan'i MELODIE MASON**

Indray andro dia niezaka nanazava ny maha-zava-dehibe ny laharam-pahamehana tao amin'ny kilasiny ny mpampianatra iray. Koa nampiseho siny lehibe vita amin'ny fitaratra iray izy, izay nofenoiny vato mitovy habe amin'ny totohondry. Dia nanontany ny mpianany izy hoe: feno ve ny fahitanareo ny siny? "Eny" hoy izy rehetra namaly. Avy eo dia namoaka vatokely iray siny mitovy habe amin'ny pitipoa izy, dia nararany tao anatin'ilay siny fitaratra misy ireo vato lehibe kokoa izany. "Feno ve ilay siny izao?" hoy indray izy. "Tsia angamba" hoy izy ireo namaly. Niha-nahatakatra ny sain'izy ireo. Avy eo dia namoaka fasika izy ka nandraraka izany tao amin'ilay siny fitaratra. Nameno ny banga rehetra teny an-tsefatsefaky ny vatokely sy ny vato lehibe kokoa izany. "Ary izao?" hoy izy nanontany. "Tsia!" hoy izy ireo tsy nisalasala intsony. Nitsiky izy. "Marina ny voalazanareo" hoy izy namoaka fitoeran-drano sady nandraraka rano tao amin'ilay siny fitaratra.

Niditra tao anatin'ny fasika sy nanodidina ny vato rehetra ny rano. Nihataka kely ilay mpampianatra sady nitsiky. "Fantatrareo àry ve hoe inona ny lesona tiako nampianarina anareo tamin'ny alalan'ilay fanandramana teo?" Hoy ny mpianatra iray: "Milaza aminay ianao fa na dia be fahasahiranana toy inona aza isika dia mbola mety hahita toerana kely ihany ao anatin'ny fandaharam-potoantsika." Nihomehy ny rehetra. Saingy nanifikifi-doha ilay mpampianatra. "Tsia! Ny zavatra lazaiko aminareo dia izao: ny vato lehibe aloha no tsy maintsy atao voalohany ao amin'ilay siny fitaratra, avy eo dia hampidirina maka toerana manodidina izany ny sisa rehetra! Tokony ho fantatrao tsara ny laharam-pahamehana eo amin'ny fiainanao, raha tsy izany, dia handany ny fotoananao ireo zava-madinika eo amin'ny fiainana, toy ny fasika, ny vatokely, sns."

Dia tahaka izany koa ny fiainantsika ankehitriny – tokony hianatra hametraka ireo vato lehibe (ireo laharam-pahamehana ara-panahy) voalohany indrindra eo amin'ny fiainantsika isika. Mahakasika ny fotoam-bavaka ataontsika isan'andro izany, ny ny fomba mahazatra antsika eo amin'ny fitantanam-pananana, anisan'izany ny fanaovantsika ny ampahafolony sy ny fanatitra. Rehefa mametraka an'Andriamanitra ho lohalaharana isika dia zavatra maro tsy tambo isaina no entin'izany ho antsika. Na izany aza, amin'izao fiainana feno rotoroto izao, dia sarotra tokoa ny manatanteraka izany.

### NY FANANDRAMAKO MANOKANA MOMBA NY "FIROSOANA AMIN'NY LALINDALINA KOKOA"

Fony aho mbola tanora dia angamba nety ho azoko mihitsy ny lokan'ny fitoviana amin'i "Marta," ilay be erehina. Nisy ahy avokoa ny asa fanompoana isan-karazany sy ireo vondro-mpianatra samihafa fony aho teny amin'ny Oniversite, ary efa nivezivezy sahady nanerana izao tontolo izao aho. Tamin'ny fotoana nahatrarako ny fahatelopolo taonako dia efa nahatsidika firenena manodidina ny telopolo aho, nanao asa an-tsitrapo teny amin'ny fitaizana zaza kamboty, nanao asa fitoriana izay nahombiazana tokoa, nampianatra tany anaty ala lavitra tany, ary nandray anjara tamin'ny asa fitsaboana tamin'ny endriny maro samihafa, amin'ny maha-mpitsabo mpanampy ahy. Na izany aza, tamin'izany fotoana izany no nahatsapako fa nisy zava-manan-danja banga teo amin'ny fiainako. Sahirana loatra aho ka nilaiko fatratra ny hiroso lalina kokoa amin'ny fiarahako amin'i Jesôsy.

Mora tokoa ny mamita-tena amin'ny fiheverana fa ny manapa-kevitra hanompo an'Andriamanitra dia mitovy amin'ny hoe mahalala an'Andriamanitra. Kanefa miantso antsika hiaraka Aminy Andriamanitra mialoha ny handehanantsika sy hanompoantsika Azy (Mar. 3:14). Tsy afaka mizara amin'ny hafa isika raha tsy isika aloha no mandray amin'ny alalan'ny fipetrahantsika eo an-tongotr'i Jesôsy. Raha ny marina dia efa nolazaina tamintsika fa rehefa ho avy i Jesôsy dia hisy vondron'olona hiteny hoe: "Tompoko, efa nanao izao sy izao aho (...)" Dia hamaly Izy hoe: "Eny, saingy tsy fantatro akory ianareo! Tsy niara-niasa tamiko ianareo" (jereo ny Mat. 7:22,23).

**Tokony hanana finiavana hiteny hoe "tsia" amin'ny zavatra sasany isika ny hariva mba hahafahantsika miteny "eny" amin'ny Tompo ny maraina.**

Na dia naharary ahy ihany aza ilay "firosoana ho amin'ny lalina kokoa" dia feno fisaorana an'Andriamanitra aho noho ny nanokafany ny masoko mba hahafantarako izay tena nilaiko nony farany. Rehefa nanomboka nifantoka tamin'ny Tenin'Andriamanitra isa-maraina aho, matetika niaraka tamin'ny ranomaso nikoriana teo amin'ny tavako, dia raiki-pitia tamin'i Jesôsy tahaka izay tsy mbola nitranga velively tany aloha. Nanjary fanandramana velona ny fotoam-bavaka ataoko isan'andro, hany ka tsy andriko ny hanaovana izany isa-maraina. Fantatro koa fa rehefa nataoko laharam-pahamehana ny fotoana iarahako amin'Andriamanitra isan'andro, ka nataoko tamim-pifantohana tsy misy firotorotoana izany (na dia tsy ampy kely aza ny ora fatoriako, na tsy maintsy misy asa hafa ajanoko aza amin'izany), dia nanomboka nizotra tamim-pilaminana avokoa ny zavatra hafa rehetra teo amin'ny fiainako.

Isaky ny omentsika an'Andriamanitra ny toerana voalohany dia betsaka lavitra hatrany no omeny antsika ho setrin'izany. Izao no lazaina amintsika ao amin'ny Mat. 6:33: "*Fa katsaho aloha ny fanjakany sy ny fahamarinany, dia hanampy ho anareo izany rehetra izany.*"

### FOMBA MAHOMBY HAHAZOANA MIROSO LALINDALINA KOKOA

Rehefa tapa-kevitra hanao an'Andriamanitra ho lohalaharana ianao dia ahoana no hitandremanao sy hiambenanao ny fotoana iarahanao Aminy isan'andro, eo am-pikatsahanao ny fiasan'ny Fanahiny Masina lalina kokoa? Ireto misy torohevitra vitsivitsy avy amiko manokana:

1. **Mitadiava toerana manokana ho anao samirery hihaonana amin'Andriamanitra**. Ny Mar. 1:35 dia milaza amintsika hoe: "*Ary nifoha maraina alina koa Izy* [Jesôsy], *dia nivoaka nankany an-tany foana ka nivavaka tany.*"
2. **Matoria amin'ny ora izay hahazoanao mifoha maraina tsara.** Raha tiantsika ny hanao fanandramana ny amin'izay efa voaoman'Andriamanitra ho antsika, dia tokony hanana finiavana hiteny hoe "tsia" amin'ny zavatra sasany isika ny hariva mba hahafahantsika miteny "eny" amin'ny Tompo ny maraina. Raha sarotra aminao ny mifoha maraina dia angataho fotsiny Andriamanitra mba hamoha anao. Hataony izany!
3. **Ajanony ny fialamboly rehetra raha azo atao.** Rehefa mifoha ianao ny maraina dia aza mandefa feo na zavatra hafa mety hampiala ny fifantohanao amin'Andriamanitra. Ezaho koa ny tsy hijery ireo mailaka, na hafatra amin'ny finday, na ny kaontinao ao amin'ny tambajotran-tserasera samihafa, na fifandraisana ara-elektrônika hafa. Mety indrindra ny hampiasanao ny "mode avion" amin'ny findainao mandra-pahatapitry ny fotoam-bavaka ataonao. Izao no nosoratan'i E. M. Bounds, mpanoratra: "Raha tsy Andriamanitra no lohalaharana ao an'eritreritsika sy amin'ny ezaka ataontsika ny maraina, dia ho any amin'ny vodilaharana Izy mandritra ny tontolo andro." - E. M. Bounds, The Complete Work of E. M. Bounds on Prayer (Ada, MI: Baker Books, 2004), 464.
4. **Aoka ianao hiaiky ny fahotanao ary hiala amin'izay mampisaraka anao Aminy.** Matetika ny olona no mahatsapa fa misy rindrina manelanelana azy amin'Andriamanitra. Izao no antony: misy fahotana tsy nekena ao, ary olana ara-panahy tokony haravona. Mivavaha amin'Andriamanitra ary angataho Izy hamantatra ny fonao sy haneho aminao ireo faritra mila ahitsy (Sal. 66:18; Sal. 139:23, 24; 1 Jao. 1:9).
5. **Angataho isan'andro ny batisan'ny Fanahy Masina**. Tonga miaraka amin'ny Fanahy Masina ny fitahiana rehetra, saingy ilaintsika ny mangataka izany (Lio. 11:13). Izao no lazain'i Elen White amintsika: "Mety efa manana fatran'ny Fanahin'Andriamanitra isika saingy mila mikatsaka fatra bebe kokoa hatrany amin'izany Fanahy izany isika amin'ny alalan'ny vavaka sy ny finoana." - Ellen G. White, Testimonies to Ministers and Gospel Workers (Mountain View, CA: Pacific Press Pub. Assn., 1944), 508.
6. **Manokàna fotoana hivavahana sy handinihana ny Baiboly.** Tsy voatery ho olana ny hoe mety na tsy mety ny fomba fanaovana fotoam-bavaka. Ny zava-dehibe dia ny hanaovantsika izany. Mitadiava an'i Jesôsy mandritra ny fianarana Baiboly ataonao. Ary koa, rehefa mamaky ny Teny ianao dia raiso

ho an'ny tenanao izany ary avadiho ho tonombavaka. Takio ireo teny fikasan'Andriamanitra rehefa mivavaka ianao! Ny farany saingy tsy ny kely indrindra, angataho Andriamanitra haneho aminao izay fomba iriny hampiharanao eo amin'ny fiainanao izay nianaranao androany.

7. **Tohizo hatrany ny fangatahanao hiroso lalindalina hatrany.** Milaza amintsika ny Baiboly hoe "*Ary ho an'Izay mahay manao mihoatra noho ny zavatra rehetra, eny, mihoatra lavitra noho izay rehetra angatahintsika na heverintsika aza, araka ny hery izay miasa ato amintsika (...)*" (Efes. 3:20). Manan-javatra maro hatolotra antsika Andriamanitra raha sahy mangataka mihoatra isika.

8. Farany, saingy tsy ny kely indrindra, **aza misaraka amin'Andriamanitra** ianao mandritra ny tontolo andro. Aoka hiara-mandeha amintsika Andriamanitra, hiara-monina, ary hiara-mitoetra amintsika.

“ ”

*Miezaha mafy mba hahazoana ireo zavatra izay omen' Andriamanuitra tombambidy, sy nanoloran'i Kristy ny ainy sarobidy mba hahazoanareo izany.*

**Ellen G. White**, *Torolalana ho amin'ny fahaiza-mitantana, t. 247.*



Maniry ny hiara-mandeha amintsika tahaka ny niarahany nandeha tamin'i Enôka Izy. "*Azontsika atao ny ho akaiky indrindra an'Andriamanitra, ka raha mamely tampoka ny fakam-panahy dia hitodika faingana any Aminy ny saintsika, dia toy ny fitodiky ny voninkazo any amin'ny masoandro.*" – DHK (ed. faha-100), t. 114.

Ataovy laharam-pahamehana isan'andro ny fotoam-bavaka iarahanao amin'i Jesôsy, dia hahazo voka-tsoa marobe ianao amin'ny lafim-piainana rehetra. Izany no fepetra voalohany mba hitomboana ho mpitantana mahatoky ireo harena nomen'Andriamanitra. Andramo izany dia ho hitanao!

**VONONA AHO NY ...**

*Hanokana ny fotoana voalohany indrindra amin'ny androko, isan'andro, hifandraisana amin'ny Tompo amin'ny alalan'ny vavaka, ny fianarana ny Baiboly, ny fandinihana ny bokin'ny Fanahin'ny Faminaniana, sy ny leson'ny Sekoly Sabata, ary handray anjara amin'ny fanompoam-pivavahan'ny mpianakavy.*



**Melody Mason** dia mpandrindra ny lafiny fampitaovana ny fikambanan'ny mpitandrina ao amin'ny Foibe Maneran-tany, sy mpanoratra ny "Daring to Ask for More" sy "Daring to Live by Every Word."

ANDRO 3

# MIKOLOKOLO FIFANDRAISANA TSARA

**Nosoratan'i WILLIE sy i ELAINE OLIVER**

Manao ahoana ny fiainam-panambadianao? Mahatsapa fifaliana sy fahafaham-po ve ianao amin'ny ankabeazan'ny fotoana sa malahelo sy tezitra matetika, manenina ny amin'ny tsy nihainoanao ny torohevitr'ireo ray aman-dreninao mba tsy ho maimaika?

Tsy ela dia ho hitanao fa ny mpivady rehetra dia mandalo fotoan-tsarotra avokoa eo amin'ny fiainam-panambadiany – vantany vao manomboka mamaky asasoratra momba ny fanambadiana na miresaka amin'ny mpivady hafa fantatrao tsara ianao. Tsy misy fanambadiana tonga lafatra satria tsy misy olona tonga lafatra. Ary maro ireo mpivady miara-miasa aminay no mahita ny fanambadiany ho tsy mandeha araka ny tokony ho izy.

Rehefa ampiasaina ao amin'ny tontolon-kevitry ny fifandraisana ny teny hoe "tsy mandeha araka ny tokony ho izy" dia milaza firodanan'izay atao hoe ara-dalàna eo amin'ny fifandraisan'ny mpivady izany. Na izany aza dia ara-dalàna tokoa ny hoe: olona roa samy tsy tanteraka, samy manana ny fomba fijeriny. Midika izany fa misy ady tsy maintsy hatrehina ao amin'ny fiainam-panambadiana tsirairay.

Rehefa odian'ny mpivady tsy hita ireo fahasamihafana fototra misy eo amin'izy ireo ka tsy resahiny ny momba izany raha tsy misy toe-javatra na tranga miseho, dia hitarika ho amin'ny lolompo sy hanimba ny fiadanana ao amin'ny fanambadiana izany. Na dia azo lazaina ho manana fiainam-panambadiana tsara aza ny mpivady, raha tsy manokana fotoana hiresahana ny amin'ny fahasamihafany amin'ny fomba tony sy voafehy tsara izy ireo dia mety ho tonga amin'ny fahadisoam-panantenana sy ny faniriana hiala amin'ilay fifandraisana.

Na dia maro aza ny antony mahatonga ny fifandraisana ho tsy araka ny tokony ho izy dia mety ho anisan'izany ny fanararaotana, ny fandaozana, ny fiankinan-doha ary ireo olana ara-tsaina toy ny fanahiana, ny fahaketrahana ary ny tsy fahatomombanana ara-toetra voamarina ara-pitsaboana. Saingy mpivady maro no tojo olana satria tsy mbola nianatra nifampiresaka tsara mihitsy izy ireo hatramin'izay, ka matetika no tonga amin'ny famoizam-po sy ny fahadisoam-panantenana izany. Vokatr'ireny fihetseham-po ireny dia mora tokoa ny ho tonga amin'ny fieritreretana fa nanambady olona tsy tokony ho vadiny akory izy, ary ny hany fomba hialany amin'io nofy ratsy io dia ny fisaraham-panambadiana.



Ireo mpivady mahita fahasambarana ao amin'ny fanambadiany dia ireo izay mianatra miala amin'ireo fomba manimba sy ratsy eo amin'ny fifandraisan'ny andaniny amin'ny ankilany. Tsy tokony ho sosotra ka hanome tsiny lava ny vadiny ny tsirairay satria hoe tsy mety mandrakariva ny zavatra ataony, fa aoka izy ireo samy hifantoka amin'izay azony atao mba ho vady tsara. Ireo mpivady sambatra ireo dia manana fironana hijery ny lafitsara eo amin'ny fifandraisam-panambadiany, toy ny kaopy feno eo amin'ny antsasany, ka omeny lanja ny hery amam-pahaizan'ny vadiny; fa tsy jeren'izy ireo kosa ireo lafiny ratsy, toy ny kaopy misy rano very sasaka, ka tsy asongadiny ny fahalemen'ny vadiny na ny olam-pifandraisan'izy ireo.

Ny vaovao tsara dia izao: azo atao ny mikolokolo fifandraisana tsara. Ny andaniny sy ny ankilany dia afaka mifidy ny hanamafy orina ny fanambadiany amin'ny fitadiavana ny lafitsara amin'ny vadiny ary amin'ny fanovana ny fomba fijeriny azy. Aoka tsy horaisiny ho toy ny mpifanandrina aminy ny vadiny, fa azony atao tsara ny mifidy ny ho iray ekipa aminy ao anatin'ny lalao.

Koa ahoana no hahaizan'ny mpivady mitantana tsara kokoa ny fiainam-panambadiany? Raha ny marina dia tahaka ny faneken'ny olona hanolotra amim-pahatokiana ny ampahafolony sy ny fanatitra amim-pahalalahan-tanana ihany, dia azony atao koa ny manaiky fa manana andraikitra haneho taratra ny endrik'Andriamanitra amin' izao tontolo izao ny fiainam-panambadiany.

Indreto misy fahazarana fito izay hanampy ny mpivady hikolokolo fifandraisana tsara:

1. **Raiso ho toy ny fanomezana avy amin' Andriamanitra ny fanambadianao.** Arakaraka ny ahitanao ny fanambadianao ho toy ny harena sarobidy sy fanomezana avy amin'Andriamanitra no hahafa-po anao kokoa amin'ny fiainam-panambadianao. Satria natao hino izay lazainao aminy ny atidohanao dia ovao ny teninao ary manomboka izao dia lazao amin'ny tenanao fa tena tsara ny fanambadianao. Raha manao izany tsy tapaka ianareo mivady dia tsy ho ela dia hino izany sy hanao fanandramana momba izany. Marina ny voalazan'ny Baiboly hoe: "*Ny zavatra rehetra dia hain'ny mino.*" (Mar. 9:23.)

**Tahaka ny faneken'ny olona hanolotra amim-pahatokiana ny ampahafolony sy ny fanatitra amim-pahalalahan-tanana ihany, dia azony atao koa ny manaiky fa manana andraikitra haneho taratra ny endrik'Andriamanitra amin'izao tontolo izao ny fiainam-panambadiany.**

2. **Mivavaha tsy tapaka ho an'ny tokantranonao sy ny vadinao**. Satria Andriamanitra no namorona ny fanambadiana dia zava-dehibe ny hanaovanareo Azy ho ivon'ny fifandraisanareo mandrakariva. Manehoa finoana ka angataho Andriamanitra hanome anao faharetana sy faniriana ho tonga olona miray fo sy tsara toetra amin'ny vady. Raha mino ianao fa mahita sy mahalala ny zava-drehetra Andriamanitra dia hirinao ny hitandrina izay lazainao sy ataonao amin'ny vadinao. Izany no antony ilazan'i Ellen White ao amin'ny boky "The Adventist Home" hoe:

   "Ary araka ny itomboan'ny fitiavanao an' [Andriamanitra] dia hihalalina sy hihamafy ny fifankatiavanareo." - *The Adventist Home* (Hagerstown, MD: Review and Herald Pub. Assn., 1952), t. 106.

   Noho izany, ny vavaka tokony hataonao ho an'ny tokantranonao dia ny hanaovan'Andriamanitra *"mihoatra noho ny zavatra rehetra, eny, mihoatra lavitra noho izay rehetra angatahintsika na heverintsika aza, araka ny hery izay miasa ato amintsika."* (Efes. 3:20.)

3. **Ianaro ary ampiharo ny fahaiza-mifandray.** Ny ankamaroan'ny olombelona dia mianatra mifandray manomboka amin'ny fahaterahany. Maro anefa ireo izay tsy mahay ary ratsy fifandraisana amin'ny hafa nony lehibe. Samy mitondra ny fanaony avy (mikasika ny fifandraisana) – na tsara na ratsy – ao amin'ny fanambadiany ny lehilahy sy ny vehivavy. Izany no tokony hahavonona ny andaniny sy ny ankilany hanova ny fomba fifandraisany sy ny firesany mba hanatsara ny fifandraisam-panambadiana. Raha manokana fotoana hifampihainoana amim-pahatsoram-po ny mpivady, ka miezaka mipetraka eo amin'ny toeran'ny andaniny ny ankilany rehefa miatrika toe-javatra, dia olana betsaka no ho voavaha. Torohevitra feno fahendrena no omen'ny Baiboly ao amin'ny Jak. 1:19: "*Kanefa aoka ny olona rehetra halady hihaino, ho malai-miteny, ho malain-ko tezitra*."

4. **Fantaro izay zavatra tian'ny vadinao dia tohizo ny fanaovana izany. Fantaro izay zavatra tsy tian'ny vadinao dia atsaharo ny fanaovana izany.** Mialoha ny fanambadiana dia mirehareha erỳ ireo olona hivady amin'ny fanehoany ny toetrany tsara indrindra. Vonona hanao izay rehetra hahafaly ilay olona iarahany izy. Aorian'ny fanambadiana sy ny volantantely anefa dia maro ny mpivady manjary mitsahatra tsy manao zavatra manokana ho an'ilay vadiny intsony ary manomboka mihataka. Raha ampiharin'ny mpivady ilay lalàna volamena hoe: "*Koa amin'izany na inona na inona tianareo hataon'ny olona aminareo, dia mba ataovy aminy kosa tahaka izany*" (Mat. 5:12), dia hihatsara ny fifandraisam-panambadiany ary ho feno fahafaham-po sy fifaliana avy amin'Andriamanitra ny tokantranony.

5. **Mamelà heloka matetika.** Tsy azo ihodivirana ny fifandirana mandratra fo ao amin'ny fanambadiana. Tsy voatery ho herisetra amin'ny endriny maro samihafa no resahina eto – na dia mety hitranga tokoa aza izany – fa ny zava-misy ao amin'ny fifandraisan'ny olombelona tsy tanteraka. Matetika ny andaniny no miteny na manao zavatra izay tsy heveriny akory fa handratra ny ankilany, kanefa izany tokoa no miseho. Izany no antony tsy maintsy ianaranao mamela heloka. Anisan'ny sarotra indrindra amin'ny fitiavana ny famelana ny helok'ilay nanao ratsy taminao, nefa tsy misy fitiavana marina raha tsy misy famelan-keloka. Rehefa mamela heloka ianao dia tsy midika tsy akory izany fa tonga fanitsakitsaka ianao, ary afaka manao izay tiany ilay navela heloka ka tsy tànana ho tompon'andraikitra. Ny famelana keloka dia fiantombohan'ny fahasitrananao amin'ny ratranao ka tsy hahatsapanao intsony ny filana hanafay ny ankilany. Ny famelan-keloka dia mampihena koa ny tevana izay manelanelana ny mpivady. Mazava loatra fa tsy hahay hamela heloka ianao raha tsy milefitra amin'ny fahefan'ny Tompo Jesôsy Kristy izay nilaza hoe: "*Ary mamelà ny helokay tahaka ny namelanay izay meloka taminay.*" (Mat. 6:12.)

6. **Mianara mihomehy.** Mbola marina amin'izao fotoana izao ilay fomba fiteny taloha hoe "Ny fihomehezana dia fanafody tsara." Raha ny marina, ny fikarohana ara-medikaly dia milaza fa ny fihomehezana dia ahazoana tombontsoa maro eo amin'ny toe-batana sy ny rafi-koza-tatitra. Manampy amin'ny fampihenana ny rarintsaina ny fihomehezana, mandrisika ny hery fiarovana, mampihena ny fiakaran'ny tosidra, mampifamatotra ny mpivady, ary mitahiry ny fifandraisana ho velona hatrany. Mila manao izay hihomehezana ny mpivady

rehetra, ary tsy tokony hiferinaina amin'ny zavatra madinika. Mampahatsiahy antsika ny Ohab. 17:22 hoe: "*Ny fo ravoravo mahasalama tsara; Fa ny fanahy kivy mahamaina ny taolana*."

7. **Mandrotsaha tahirim-pitiavana ao amin'ny kaontinao**

Ny fifandraisana – indrindra ara-panambadiana – dia toy ny kaonty amin'ny banky. Rehefa mifanao teny mamy na mifanisy soa ianareo dia toy ny manao petra-bola ao amin'ny kaontin'ilay vadinao, saingy fihetseham-po no resahina eto. Ary rehefa mifandratra kosa ianareo na tsy mihazona ny toky nomena, dia toy ny misintom-bola. Arakaraka ny anaovantsika petra-bola no ananantsika vola betsaka ao amin'ny kaonty any amin'ny banky. Arakaraka ny haben'ny fisintonam-bola ataontsika no mahakely ny volantsika ao. Raha be kokoa ny fisintonana noho ny fandrotsahana ao amin'ny kaonty ara-pihetsehampon'ny vadinao dia ho bankirompitra ianao amin'ny farany. Noho izany, manapaha hevitra anio mba hinia handrotsaka tahirim-pitiavana, amin'ny fanaovana teny mamy sy soa amin'ny vadinao. Hoy ny Baiboly ao amin'ny Kôl. 3:14: "*Ary aoka ho ambonin'izany rehetra izany ny fitiavana, fa fehin'ny fahatanterahana izany.*"

Rehefa mahatoky amin'ny fitantananao ianao dia sokafan'Andriamanitra ny varavaran'ny lanitra, ary fitahiana mitafotafo no arotsany. Rehefa manam-paharetana ianareo, malemy fanahy, mahatoky, ary mifaneho hatsaram-panahy ao anatin'ny fanambadiana, dia tsy ao an-tranonareo ihany no hitobaka ny fitahiana fa ao amin'ireo mpifanolobodirindrina aminareo, ny havanareo, ary ny namanareo koa.

Ataovy tanjona ao am-ponao ny hampihatra ireo fahazarana fito ireo ao amin'ny fiainam-panambadianao manomboka anio.



**Willie Oliver**, manana ny mari-pahaizana PhD, CFLE, dia pasitora voahosotra, mpanolo-tsaina ny mpitandrina, manam-pahaizana momba ny fiaraha-monin'ny fianakaviana, ary mpanabe matihanina momba ny fiainam-pianakaviana. Izy koa no talen'ny Departemantan'ny Fiainam-pianakaviana ao amin'ny Foibe Maneran-tanin'ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito.



**Elaine Oliver**, manana ny mari-pahaizana PhD, LCPC, CFLE, dia manam-pahaizana amin'ny maha-mpanolo-tsaina ara-pitsaboana azy, mpanabe matihanina eo amin'ny lafiny ara-psikôlôjia momba ny fiainam-pianakaviana. Filoha mpanampy ao amin'ny Departemantan'ny Fiainam-pianakaviana koa izy, ao amin'ny Foibe Maneran-tanin'ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito.

**MIVOADY AHO FA …**

*Hanatsara ny fifandraisako amin'ny hafa ka hataoko fitsipika ny hitombo amin'ny fahatokiana, ny famelan-keloka, ary ny fitiavana.*



ANDRO 4

# MIKOLOKOLO FAHAZARANA MAHASALAMA NY SAINA

**Nosoratan'i JULIAN MELGOSA**

Ny ankamaroan'ny olona dia mahafantatra ny fanafody tokony hohanina na ny fitsaboana natoraly tokony hampiasana rehefa marary vavony, na marary tenda, na marary ozatra. Ary rehefa very hevitra ny amin'ny aretina ara-batana sasany izy ireo, dia manao ny ezaka rehetra hanatonana mpitsabo na tompon'andraikitra hafa momba ny fahasalamana. Kanefa moa ve izy ireo hanatona mpitsabo ara-tsaina matihanina raha mahatsapa fa misy eritreritra na fihetseham-po na fitondrantena manelingelina azy ireo fatratra? Azo antoka fa tsia ny valiny. Azo inoana ihany koa fa noho ny henatra olona no anton'izany. Ireo ohatra ireo dia mampahatsiahy antsika ny amin'ny hoe tsy ananantsika firy ny fitaovana hiatrehana ireo soritra tsy fahatomombanana ara-tsaina sy ara-pihetseham-po mahazo antsika. Tsy tokony hohadinointsika fa adidintsika, amin'ny maha-mpitantana ny fananan'Andriamanitra antsika, ny mikolokolo ny fahasalamana. Raha tsy salama mantsy ny saina dia tsy salama koa ny vatana.

### INONA NO ATAO HOE FAHASALAMANA ARA-TSAINA ?

Tahaka ny fahasalamana ara-batana, ny fahasalamana ara-tsaina dia tsy azo faritana amin'ny tsy fisian'ny aretina. Betsaka ny olona mijaly sady mampijaly ny hafa amin'ny ampahany amin'ireo soritra aretina izay tsy ilàna fizahana be manao ahoana akory.

Lafiny fototra telo no mandrafitra ny fahasalamana ara-tsaina : ny eritreritra, ny fihetseham-po, ary ny fitondrantena. Ny olona iray izay salama tsara ara-tsaina, dia mampiasa tsara ireo fahaiza-manaony; miatrika ny rarintsaina amim-pahombiazana; afa-po amin'ny lasany, miatrika ny ankehitriny amim-pitoniana ary ny hoavy amin'ny fanantenana. Mifandray tsara amin'ny hafa izy ireo ary manao ny asany amim-pifaliana sy amim-pahombiazana. Ireo izay manana olana ara-tsaina sy ara-pihetseham-po dia mety hanana fahasarotana amin'ny iray na mihoatra amin'ireto lafiny fototra momba ny fahasalamana ara-tsaina ireto : ny eritreritra, ny fihetseham-po, ary ny fitondrantena.

Ireo olona manana rafi-pisainana tsy dia salama loatra, dia mety hanana fijery miiba momba ny fandinihany ny tenany sy ny tontolo manodidina azy, ny hafa ary ny hoavy. Mety ho olona mpiahiahy ny hafa koa izy ireo, manombana ny olana toy ny hoe mainty ilay izy na fotsy, miatrika ny fihaikana amin-tahotra ary tsy misaina araka ny lôjika ka manjary manatsoaka hevitra mampidi-doza.

Ny olona manana olana eo amin'ny sehatry ny fihetseham-po dia mora very hevitra rehefa tojo zava-tsarotra madinidinika, mahatsapa tsy fahafaham-po sy fialonana tsy hita fototra, tsy manam-paharetana, mora kivy, mora tezitra, manao otri-po, tia mamalifaty ary tsy manana fangorahana ny hafa.

Ireo izay mijaly amin'ny fikorontanan'ny lafiny ara-pitondrantena dia mety hihataka amin'ny fiaraha-monina, haneho herisetra amin'ny alalan'ny fiteny na fihetsika, tsy mandray andraikitra firy (any am-piasana, any am-pianarana, eo amin'ny fianakaviana), mitomany na mihomehy tsy amin'antony. Mety hirona ho amin'ny fiankinan-doha koa izy ireo (fanafody na fitondrantena), mety hikorontana ny fisakafoany sy ny torimasony, mety tsy hahita maminy amin'ny fiainana, ary mety hanana olana amin'ny lalàna aza.

Mahaliana fa mifandray akaiky dia akaiky tokoa ireto sehatra telon'ny fahasalamana ara-tsaina ireto: ny eritreritra no mamaritra ny toetry ny saina (fahatsapana, toe-po), izay hita taratra indray eo amin'ny fitondrantena. Manasongadina io fifandraisana io ny Baiboly: "*Fa tahaka ny heviny ao am-pony ihany no toetrany*" (Ohab. 23:7), ary koa: *"Ny mahira-tsaina rehetra miasa amin'ny fahalalana."* (Ohab. 13:16.)

Nosokajian'i Ellen G. White ao anatin'ny fahasalamana ara-tsaina sy ny momba ny fahasalaman'ny tena manokana io lohahevitra io, ary tsy izany ihany fa ambarany ho ao anatin'ny toe-panahintsika mihitsy izany: "Raha ratsy ny eritreritra dia ratsy ny fihetseham-po; ary ny eritreritra sy ny fihetseham-po no mandrafitra ny atao hoe toe-panahy. (...) Raha ny fahatsapanao no mifehy anao ka avelanao hibirioka ho amin'ny fiahiahiana ny hafa, ny fisalasalana, ary ny fanomezan-tsiny ny fisainanao, dia ho anisan'ny mahantra indrindra amin'ny olombelona ianao, ary tsy hahita fahombiazana eo amin'ny fiainana." - *Testimonies for the Church*, vol. 5 (Mountain View, CA: Pacific Press Pub. Assn., 1948), t. 310.

**Ny fivavahana, toy ny famakiana ny Salamo na ny Ohabolana ao amin'ny Baiboly, dia afaka manampy antsika hiala amin'ireo eritreritra tsy ilaina, ary hampitombo kosa ny faherezantsika sy ny fihetseham-po tsara ao amintsika.**

## MIKOLOKOLO NY FAHASALAMANA ARA-TSAINA

«Moa tsy fantatreo fa ny tenanareo dia tempolin'ny Fanahy Masina, Izay ao anatinareo sady efa azonareo tamin'Andriamanitra? Ka tsy tompon'ny tenanareo hianareo.» (1 Kôr. 6:19.) Matetika no ampifandraisintsika amin'ny tontolon-kevitry ny sakafo ara-pahasalamana io fanambarana io, dia izay tokony ho fihinantsika sy izay tokony hialantsika toy ny alkaola, ny zava-mahadomelina, ny paraky. Kanefa moa ve tsy ny saintsika no mandrafitra ny fibaikona ny tenantsika, dia ilay ampahany lehibe amin'ny tempolin'Andriamanitra? Ao amin'ny epistiliny manaraka dia manoratra ho an'ireo mpino ireo ihany ny apôstôly Paoly, dia ireo mpino tao Korinto, mampirisika azy ireo mba hadio, tsy ara-nofo ihany, fa ara-panahy koa: «Koa raha manana ireo teny fikasana ireo isika, ry malala, dia aoka isika hanadio ny tenantsika ho afaka amin'ny fahalotoana rehetra, na amin'ny nofo na amin'ny fanahy, ka hahatanteraka ny fahamasinana amin'ny fahatahorana an'Andriamanitra.» (2 Kôr. 7:1.)

Mpitantana ny fananana rehetra nankinin'Andriamanitra tamintsika isika. Anisan'izany ny saintsika, ny fahatsapana/fihetseham-pontsika, ary ny fitondrantenantsika. Nantsoina mba hanaraka fitsipika, tsy mifehy ny ara-batana ihany fa ny ara-tsaina ihany koa, araka izay nambaran'i Ellen G. White hoe: "Natao hampiasa ny fitaovana rehetra nomen'Andriamanitra antsika isika mba hifehezana sy hikolokoloana ny fisainantsika." - *In Heavenly Places* (Washington, D.C.: Review and Herald Pub. Assn., 1967), t. 164.

## MPITANTANA NY ERITRERITSIKA

Anisan'ny iankinan'ny fahasalaman'ny saina ny fitantanantsika ny eritreritsika. Andeha horaisintsika ohatra ny ahiahy. Mety hampitebiteby antsika fatratra ohatra ny momba ireo zava-manan-danja eo amin'ny fiainantsika sy ny an'ny havan-tiantsika. Mety hikaroka izay mety ho vahaolana amin'izany isika. Rariny tokoa izany. Saingy rehefa mieritreritra izay mety hitranga ny saina ka manjary taitaitra sy manitatra ary feno tebiteby, dia miditra ao anatin'ny tontolon'ny ahiahy isika, izay tsy ilaina akory, ary mety ho tonga amin'ny fitaintainana lava sy fanahiana tafahoatra izany. Io karazana eritreritra io dia tsy maintsy esorina haingana tsy ho ao amin'ny fieritreretana araka izay azo atao.

Ohatra hafa koa ny fisainana miiba. («Tsy ho tapitra mihitsy ity krizy ara-bola ity,» na «Tsy hahazatra ahy mihitsy ity talenay vaovao ity.») Misy olona manana io karazana fisainana io amin'ny ankabeazan'ny toe-javatra atrehiny. Efa am-polo taona maro no nanehoan'ny literatiora ara-psikôlôjia fa ny olona izay mifidy hanana izany fisainana izany dia tandindomin-doza ho tratry ny fahaketrahana sy ny fanahiana tafahoatra, mihoatra noho ny olon-drehetra ankapobeny.

Satria izaho ihany no mifehy ny eritreritro, dia tsy maintsy tadiaviko izay fomba ialana amin'ny fisainana diso sy miiba ary manimba. Miaraka amin'ny fanampian'Andriamanitra dia afaka manapa-kevitra tsara ny hamahana ny saiko amin'ny zava-mahasoa aho (Fil. 4:8). Fantatsika fa ny fivavahana, toy ny famakiana ny Salamo na ny Ohabolana ao amin'ny Baiboly, dia afaka manampy antsika hiala amin'ireo eritreritra tsy ilaina, ary hampitombo kosa ny faherezantsika sy ny fihetseham-po tsara ao amintsika.

Farany, sady ny manan-danja indrindra, ny fisainana ratsy dia mitarika ho amin'ny fahalotoana ara-pitondrantena. Nanazava izany i Jesôsy rehefa nilaza hoe *"Fa avy amin'ny fo* (eritreritra) *no ivoahan'ny sain-dratsy, dia ny vonoan'olona, ny fakam-badin'olona, ny fijangajangana, ny halatra, ny ampanga lainga, ny fitenenan-dratsy; izany no mahaloto ny olona."* (Mat. 15:19, 20.) Mpitaridalana azo antoka izany foto-kevitra izany, afaka miaro antsika amin'ny fisainan-dratsy izay mitarika ho amin'ny fahalotoam-pitondrantena.

## MITANTANA NY FIHETSEHAM-PONTSIKA

Ny fihetseham-po ankapobeny dia manaraka ny eritreritra; izany no antony maha zava-dehibe tokoa ny mifehy ny fisainantsika mba hisorohana ny hetsi-

*«Mino aho, araka ny finoako hatramin'izay taona maro izay, fa hihatsara tokoa ny fahasalaman'ny vahoakantsika raha ataontsika voalohany sy farany ary tsara indrindra Andriamanitra, amin'ny zavatra rehetra. Mila ambenana tsara ny fahazotoan-komana, ny fironana, ary ny fahazarana.»*

**Ellen G. White -** ***Letters and Manuscripts, b. 4 (1883-1886), Letter 92a, 1886.***

po manimba sy hampanjakana izay mahasalama kosa. Ny fihetseham-po koa dia mety ho vokatry ny ataon'ny hafa, ny tontolo iainana, na mety hiseho fotsiny tsy misy antony mazava. Na dia avy amin'ny toe-javatra aza izany, satria izaho ihany no tompon'ny fihetseham-poko, dia tsy maintsy miezaka aho hifehy sy hanova ireo fihetseham-po ratsy ho tonga tsara. Mety hahazoako tombontsoa koa ny fahaizana miaritra ao anatin'ny fanandramana mampahory izay tsy azo ihodivirana, amin'ny fananako toe-tsaina feno fanantenana, araka ny ohatra nasehon'i Jesôsy.

Manampy amin'ny fandresena ny fihetseham-po ratsy (indrindra ny alahelo) ny voalaza ao amin'ny Jao. 16:20-24. Miresaka momba ny tsy rariny eo amin'ny fiainana i Jesôsy ao amin'io andalan-teny io, toy ny fanenjehana ny mpianatra kanefa manao ny marina izy ireo. Nampanantena i Jesôsy fa hody fifaliana ny alahelon'izy ireo. Fantany tokoa fa hisy ny fahoriana, kanefa nanome toky ny mpino Izy fa ho avy faingana ny fanampiana, izay ohariny amin'ny fanaintainan'ny reny eo am-piterahana ny zanany, sy ny fivadihan'izany ho fifaliana rehefa teraka ilay zaza. Fantatr'i Jesôsy fa ny ankabeazan'ny fahoriana manjo ny olona dia mifandraika amin'ny fihetseham-po feno alahelo tsapany tamin'ny lasa, ary manome toky Izy fa hofafana avokoa ireny fahatsiarovana mangidy ireny amin'ny farany. Na tsy maintsy malahelo aza isika, ary mety hisy heviny indraindray ireny fahoriana ireny, dia mampitodika antsika ho amin'ny fifaliana maharitra kosa i Jesôsy, izay homeny ny zanany amin'ny fiverenany indray, ka tsy misy olona mahaisotra izany fifaliana izany amintsika (and.22).

## MITANDRINA NY FITONDRANTENANTSIKA

Ny fitondrantena matetika dia vokatry ny fisainana sy ny fahatsapana, izany no maha zava-dehibe ny fifehezana ny eritreritra. Misy fitondrantena sasany koa mety hitarika ho amin'ny fikorontanan'ny fihetseham-po sy ny saina, izay mahatonga ny fahaverezan-tsaina (lasa adala). Andeha hodinihintsika ny amin'ny fiankinan-doha. Ny olona izay miankin-doha amin'ny zava-mahadomelina dia tsy mahafehy ny tenany intsony. Manetsika filàna miredareda izany, herisetra, ary fahatsapana fahamelohana, sns. Arakaraka ny famerimberenana ny fandraisana azy no manjary aneken'ny vatana ny zava-mahadomelina sy mampitombo ny fiankinan-doha aminy, ka mahatonga olana goavana eo amin'ilay olona sy ireo havan-tiany ary ny fiarahamonina manontolo.

Maro no mino fa tsy ho tratry ny fiankinan-doha raha tsy mbola mikitika alikaola na zava-mahadomelina. Saingy misy koa ny fiankinan-doha ara-pitondrantena, toy ny amin'ny sarimihetsika mamoafady, ny filokana, sy ny lalao ao amin'ny internety. Vantany vao "raiki-pitia" amin'ireny zavatra ireny ny olona dia efa miaina fanandramana saika mitovy tanteraka amin'ny fiankinan-doha amin'ny zava-mahadomelina. Na dia zavatra ilaina eo amin'ny fiainana aza, toy ny sakafo, ny asa, ny vola, ny fiantsenana, na ny tranonkalam-pifandraisana, dia mety hahatonga amin'ny fiankinan-doha raha ampiasaina tafahoatra sy atao antom-piainana.

Eny, harena ny fahasalaman'ny saina, tsy misy hafa amin'ny fahasalaman'ny vatana, ny talenta, ny vola, ary ny fananana. Nankinina tamintsika ireny rehetra ireny mba hanomezam-boninahitra an'Andriamanitra sy ho fanompoana ny hafa. Tsy maintsy haintsika tsara ny fomba hampitomboana sy hikolokoloana izany, mba hoentintsika manompo an'Andriamanitra, amin'ny fanampiantsika ireo olombelona namantsika, lahy sy vavy, araka izay voalazan'i Petera hoe: *"Samia mifanompo araka ny fanomezam-pahasoavana izay noraisinareo, dia tahaka ny mpitandrina tsara ny fahasoavana maro samy hafa izay an'Andriamanitra."* (1 Pet. 4:10.)



**Julian Melgosa** dia filoha lefitry ny Departemantan'ny Fanabeazana ao amin'ny Foibe Maneran-tany.

**MIVOADY AHO FA ...**

*hikolokolo fahazarana vaovao mahasalama, mba hahazoako manompo an'Andriamanitra amin'ny fomba tsara kokoa amin'ny alalan'ny saiko.*



ANDRO 5

# REHEFA MIVAVAKA MBA HAHAZOANA FANAHY HO AN'ANDRIAMANITRA IANAO, DIA MINOA!

**Nosoratan'i Ramon Canals**

Efa nisy fotoana ve nangatahanao zavatra tianao tamin'Andriamanitra kanefa nolavinao haingana izay nomeny anao noho ny tsy fahafantaranao fa teo anoloanao tokoa ny valin'ny vavaka nataonao? Efa nisy fotoana ve nangatahanao tamimbavaka zavatra iray, ary tsy naniry handray izany indray ianao rehefa nomen'Andriamanitra anao izany? Tsoriko fa efa imbetsaka aho no nanao izany. Taona vitsivitsy lasa izay, namangy olona tao amin'ny fiarahamonina iray aho, nikasa ny hampianatra Baiboly ho fanomanana ny kaoferansa ho fitoriana ny filazantsara. Nangataka tamin'Andriamanitra aho mba hitarika ahy ho any amin'ireo olona liana amin'ny fandraisana ny filazantsara tao amin'io fiarahamonina io. Olona izay nangetaheta ny fahamarinana. Tsy tiako ny hiady hevitra mikasika ny fivavahana amin'ny olona. Ny hany niriko amin'ny mahampitantam-pananan'ny filazantsara ahy dia ny hizara ny momba an'i Jesôsy amin'ny olona izay maniry handre ny filazantsara.

Akory ny hagagako fa novalin'Andriamanitra araka izay nangatahiko tokoa ny fivavahako. Nirahiny ho any amin'ny tranon'ny vehivavy iray izay nanana ny toetoetra

nentiko amim-bavaka aho, saingy tsy nifanojo tamin'ny sarisary tao an-tsaiko ity vehivavy ity. Tsy noheveriko ho olona nitady an'Andriamanitra izy.

### FIHAONANA TSY MAHAZATRA TAMIN'ANDRIAMANITRA

Rehefa nitsidika ny manodidina izahay sy ny namako mba hijery olona izay liana amin'ny fianarana Baiboly, dia tonga teo amin'ny trano iray somary niavaka tamin'ireo trano hafa rehetra. Tahaka ny "pyramide" ny endrik'izany trano izany. Mena ny loko nibahana teo amin'ilay trano, mena ny lambambaravarankely sy ny lambambaravarana ary ny lokon'ny varavarankely. Tamim-pisalasalana no nampanenoako ny lakolosy teo am-baravarana. Vehivavy ranjanana, nanana maso manga, sady tsara tarehy no namoha ny varavarana. Nieritreritra ny hiverina ary hiala teo izahay raha vao nahita azy. Tsy noho ny endriny ratsy tsy akory fa noho izy tsara tarehy fatratra. Ary ankoatra izany dia nanao akanjo fitondra matory izy fa tsy akanjo fitondra any ivelan'ny trano.

**Rehefa mivavaka mba hahazoana fanahy ianao, dia minoa fa hampiasa anao hijoro ho vavolombelona amin'ny hafa Andriamanitra.**

Nijoro teo am-bavaravarana izahay, sanganehana. Hiresaka amin'ity vehivavy ity ve izahay sa tsia? Natahotra kely izahay raha nilaza taminy fa namangy ny manodidina mba hizara pejy voasoratra sy hivavaka ho an'ny olona. "Mandrosoa," hoy izy. Nijery ilay namako aho, tsy nifampiresaka izahay saingy samy nahatakatra fa tokony handao ilay toerana haingana indrindra araka izay azonay atao. Mbola naverin'ilay vehivavy ihany anefa hoe: "Mandrosoa, raha sitrakareo." Nisalasala izahay. Taoriana kelin'izay dia nifandinika izahay sy ilay namako ary hitanay tamin'izay fa nitovy ny eritreritray: tranon-dopy io trano io, vehivavy janga ity vehivavy ity; ary tsara kokoa ho anay ny miala teo faingana. Mbola nangataka ny hidiranay tao an-trano ihany anefa ilay vehivavy.

Nony farany dia nanapa-kevitra ny hiditra tao an-trano izahay, tsy nijery an'ilay vehivavy akory izahay fa nanokatra ny Baibolinay ary nanomboka niresaka momba an'i Jesôsy. Noresahinay taminy ny maha-sarobidy an'i Jesôsy eo amin'ny fiainantsika sy ny fomba namonjeny antsika tamin'ny nanolorany ny ainy ho antsika. Nambaranay taminy ny halehiben'ny fitiavan'Andriamanitra antsika sy ny hiaviany tsy ho ela mba handray antsika hody. Tampoka teo anefa dia hoy izy: "Azafady hoe." Nivoaka ilay efitrano izy ary afaka minitra vitsy dia niverina tao, nitafy tsara. Tsy niteny na inona na inona mikasika ireo fitafiana nanaovany izahay. Tsy nisy afa-tsy i Jesôsy no anton-dresakay, saingy niasa tao am-pony ny Fanahy Masina. Rehefa nanohy ny fianarana ny Baiboly izahay dia tsikaritro fa nanomboka nitomany izy. Tsy fantatro izay nitranga tamin'izay. Rehefa izay dia nanomboka niresaka izy, notantarainy taminay fa tsy nahay nivavaka izy saingy nangataka tamin'Andriamanitra mba haniraka olona hampianatra Baiboly azy. Tsy nampino ahy izay nambarany. Nangataka tamin'Andriamanitra aho mba hitondra ahy any amin'ny olona iray izay efa niasany, ary nataony tokoa izany. Tsy hitako anefa izany noho ny hevitra nibahana mialoha tao an-tsaiko.

### MINO NY FIAFARANA NOMANIN'ANDRIAMANITRA

Namaly ny vavaka nataoko Andriamanitra tamin'ny nanirahany ahy ho ao amin'io trano io. Niaraka tamin'izay koa anefa dia namaly ny vavak'ilay vehivavy Izy tamin'ny nanirahany ahy hampianatra Baiboly azy. Na izany aza dia saika nodinganiko io fotoana fanararaotra io noho ny nitsarako ilay vehivavy tamin'ny fisehoany ivelany. Nanolotra ny fiainany ho an'ny Tompo i Betty (ilay vehivavy tsara tarehy) sy ny ankohonany iray manontolo, ary anisan'ireo olona voalohany natao batisa nandritra ny kaoferansa fitoriana ny filazantsara. Nanan-janaka vavy folo taona i Betty, natao batisa io tovovavy kely io tamin'izay, Cindy no anarany. Herinandro vitsy lasa izay dia hitako tany St. Louis i Cindy. Efa 47 taona izy izao ary manan-janaka roa. Namihina mafy ahy izy ary nilaza hoe: "Misaotra anao nijoro ho vavolombelona tamin'ny fianakaviako. Izany no zavatra tsara indrindra niseho taminay." Nanohina ny foko izany. Tantara toy izany no mandresy lahatra ahy fa ny fijoroana ho vavolombelona no endrim-pitantanam-pananana ambony indrindra, satria ny fijoroana ho vavolombelona dia fizarana an'i Jesôsy Ilay Mpanome fiainana.

Nampianatra lesona telo manan-danja io fanandramana io: 1) rehefa mivavaka ianao, dia minoa fa maniraka anao any amin'izay toerana tokony halehanao Andriamanitra. Aza mitsara olona araka izay fisehoany ivelany. 2) Rehefa mivavaka ianao, dia minoa fa miresaka amin'ny olona mialoha ny hanaovanao izany Andriamanitra. 3) Rehefa mivavaka mba hahazo fanahy ho an'Andriamanitra ianao, dia minoa fa hampiasa anao hijoro ho vavolombelona amin'ny hafa Andriamanitra. Samy nandre ny filazantsara avy tamin'ny Kristianina hafa isika rehetra.

### MANARAKA NY DRAFITR'ANDRIAMANITRA

Tsy fantatro ny atao hoe mijoro ho vavolombelona raha tsy izaho mihitsy no niaina izany fanandramana izany sy nahita fa nanova ny fiainan'ny hafa izany. Ny ho vavolombelon'i Kristy no fiantsoana ambony indrindra mety ho azon'ny olona. Na mpahaimilina ianao, na mpitsabo mpanampy, na injeniera, na mpitsabo, na pasitora, na koa mpitantana asa, ny fijoroana ho vavolombelona no zavatra manan-danja indrindra ho anao. Na tanora ianao na antitra, na lahy na vavy, na inona na inona kolontsaina misy anao, dia nantsoina izaho sy ianao mba hiresaka ny amin'izay hitantsika sy fanandramana niainantsika niaraka tamin'Andriamanitra.

Indreto misy antony telo maha zava-dehibe ny fijoroana ho vavolombelona:

1. **Tsy misy mahafaly ny fontsika mihoatra noho izany.** Ny fijoroana ho vavolombelona dia fizarana an'i Jesôsy amin'ny hafa. Fanambarana amin'izy ireo izany fa manana Mpamonjy sarobidy isika ao amin'i Jesôsy. Misy fifaliana eo amin'ny fanaovana ny asan'Andriamanitra. Ny fiarahana miasa amin'Andriamanitra eo amin'ny famonjem-panahy no zavatra mampientanentana indrindra eto amin'izao tontolo rehetra izao. "Tsy misy fifaliana lehibe eto an-

tany mihoatra noho ny fahazoana fanahy maro ho an'i Kristy."- Evangelism, t. 333.

2. **Mizara ny tombontsoa hahatonga ny hafa ho voavonjy isika.** Rehefa mizara ny momba an'i Jesôsy amin'ny hafa isika dia manome azy ireo ny tombontsoa ho voavonjy. "*Izany no tsara ka ankasitrahana eo imason'Andriamanitra, Mpamonjy antsika, Izay tia ny olona rehetra hovonjena ka ho tonga amin'ny fahalalana ny marina.*" (1 Tim. 2:3, 4.) Tokony homentsika ny olona ny tombontsoa rehetra hahafahany mamaly ny antson'ny Fanahy Masina. Tokony hararaotintsika ny hirika rehetra hijoroana ho vavolombelona momba an'i Jesôsy.

3. **Mahafaly ny fon'Andriamanitra izany**. Tsy misy mahafaly ny fon'Andriamanitra mihoatra noho ny fahitana ny olona manolotra ny fiainany ho Azy. "*Lazaiko aminareo fa misy fifaliana toy izany eo anatrehan'ny anjelin'Andriamanitra ny amin'ny mpanota iray izay mibebaka.*" (Lio. 15:10.)

4. **Tonga tahaka an'i Jesôsy isika**. Mpamabo fanahy i Jesôsy. Tiany ho tahaka Azy ireo mpianany. "*Dia hoy Jesosy taminy: Andeha hanaraka Ahy, fa hataoko mpanarato olona hianareo.*" (Mat. 4:19.) Manampy antsika hampivelatra ny toetra tahaka ny an'i Jesôsy ny fandraisana anjara amin'ny iraka tanterahin'ny fiangonana.

5. **Mahatoky amin'ny baikon'Andriamanitra isika**. Irin'Andriamanitra ny hahatonga ny tsirairay avy amin'ny mpianany ho isan'ireo mpanatanteraka ilay Iraka lehibe. "*Koa mandehana hianareo, dia ataovy mpianatra ny firenena rehetra, manao batisa azy ho amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina sady mampianatra azy hitandrina izay rehetra nandidiako anareo; ary, indro, Izaho momba anareo mandrakariva ambara-pahatongan'ny fahataperan'izao tontolo izao.*" (Mat. 28:19, 20.)

Rehefa mivavaka mba hahazoana fanahy ho an'Andriamanitra ianao dia minoa. Mamaly ny vavakao mandrakariva Andriamanitra. Ny Kristianina tsirairay dia nateraka ho misiônera. Antony tokana no maha eto amin'ity planeta ity antsika: mba hijoro ho vavolombelon'Ilay Andriamanitra mahatalanjon'izao tontolo rehetra izao.

**MIVOADY AHO FA ...**

*Hanokana fotoana raikitra isan-kerinandro mba hizarana ny vaovao mahafaly amin'ny alalan'ny fianarana ny Baiboly, ny tarika madinika sy ireo fomba hafa, ary koa hivavaka ho an'ny hafa.*



**Ramon Canals** dia mpitan-tsoratry ny Fikambanan'ny Mpitandrina ao amin'ny Foibe Maneran-tany.

"

*Tsy ho an'ny tenany, fa ho an'ny hafa, no nivelomany sy nisainany ary nivavahany. Rehefa avy nandany ora maro niarahany tamin' Andriamanitra Izy dia nivoaka isa-maraina isa-maraina nitondra ny fahazavan'ny lanitra ho an'ny olona.*

*- Ny vavaka, t. 365.*



ANDRO 6

# NY FITANDREMANA NY SABATA

**Nosoratan'i Hiskia sy Ellen Missah**

Ampaham-potoana iray manan-danja izay asaina tantanantsika ny Sabata andro fahafito. Zava-dehibe ny mamerina mijery ny fomba handaniana ireo ora masina ireo, satria misy fiantraikany eo amin'ny fiainantsika izany.

## NY FANANDRAMAKO MANOKANA

Raha nanoratra ity lahatsoratra ity aho (Hiskia), dia lasa lavitra ny saiko, namerina ireo fotoana mamy niainako niaraka tamin'ireo ray aman-dreniko tamin'ny fahazazako sy ny fomba nitandremanay ny Sabata, fomba izay nohazonina tao amin'ny fianakaviako efa maherin'ny dimampolo taona lasa izany. Fitahiana ho ahy tokoa ny nanana fanandramana ny amin'ny fotoana nahafinaritra izay niomananay rehefa hanomboka ny Sabata, ny fitsenana izany sy ny fankalazana io andro manokana sy voatahy io.

Tahaka izao ny fitsipika momba ny Sabata tao an-tokantranon'ny fahazazako: rehefa Sabata dia tsy mipasoka mihitsy izahay, tsy manadio na koa mahandro sakafo. Ny Zoma mialoha ny hilentehan'ny masoandro dia efa tokony ho voamana ny zavatra rehetra, toy ny fipasohana ny akanjo hoentinay any am-piangonana, ny fiborosiana ny kiraro, ary ny fahandroana ny sakafo hohanina ny Sabata. Ary rehefa hilentika ny masoandro dia vorin'ny raiko ao amin'ny efitrano fandraisam-bahiny izahay zanany rehetra sy ireo ao amin'ny ankohonana, nipetraka tao izahay ary nanao hira vitsivitsy momba ny

Sabata sy namaky ny Baiboly, nanao tsianjery andalanteny vitsivitsy, nivavaka ary namarana izany tamin'ny vavaka nampianarin'ny Tompo izay niarahanay rehetra nanonona. Raha vao vita izany dia nanao faribolana izahay ary nifampitantana, nifampiarahaba ny tsirairay ary nifampirary soa fa tratry ny Sabata. Izao no noteneninay: "Tratry ny Sabata, tratry ny Sabata, tratry ny Sabata." Rehefa nilentika tsy tazana teo amin'ny faravodilanitra ny masoandro dia nahatsapa fiadanana tao am-ponay sy tao amin'ny tokantranonay izahay. Tahaka izany no fanaon'ny fianakaviako rehefa mitsena ny Sabata.

Fony aho mbola zaza dia tiako sy nahafinaritra ahy mandrakariva ny Sabata noho ny antony telo: voalohany dia tsy mankany an-tsekoly izahay rehefa Sabata, izay midika fa tsy manao enti-mody. Faharoa, tsy nanao ireo asa fanaoko sy ny raharaha tao an-trano aho. Ary ny fahatelo, nihaona tamin'ireo namako tany am-piangonana aho ary nanana tombontsoa niresahana tamin'izy ireo. Ary farany, tiako ny Sabata noho ny sakafo manokana. Nahandro sakafo matsiro sy miavaka hatrany ny reniko, izay voamana ho an'ny Sabata irery ihany.

Nanjary andro feno fahasambarana ho anay ny Sabata, indrindra ho ahy manokana; andro izay tsy andrinay ny hahatongavany. Voarakitra ao an-tsaiko mandraka androany izany fanandramana mahafinaritra izany. Izaho indray no nametraka izany fahazarana sy fomba fanao izany ho an'ireo zanako, ary tian'izy ireo tokoa izany. Ankehitriny, efa manana ny ankohonany izy ireo, ary mampihatra izany fahazarana izany ho an'ireo zanany sy ny ankohonany. Lova izay napetrako harahin'ireo taranako izany.

## NY FITANDREMANA NY SABATA AO AMIN'NY FANAHIN'NY FAMINANIANA

Mahita torolalana mikasika ny maha mandrakizay ny Sabata sy torohevitra azo ampiharina momba ny fitandremana izany isika ao amin'ny asasoratr'i Ellen White.

- "Nomen'Andriamanitra ny henemana manontolo mba hanavaontsika ny asantsika, ary andro iray ihany no natokany ho Azy. Andro izay hahazoantsika fitahiana izany- andro izay tokony hanajanonantsika ireo raharaha tsy ara-pivavahana rehetra fanaontsika ka hifantohantsika amin'Andriamanitra sy ny lanitra."- Letters and Manuscripts, b. 3, t. 292.
- "Rehefa miankohoka amin'Andriamanitra anefa isika, dia tsy tokony hihevitra izany ho asa manasatra. Ny Sabatan'i Jehôvah dia natao ho fitahiana ho antsika sy ho an'ireo zanatsika. Aoka izy ireo hijery ny Sabata ho toy ny androm-pifaliana, andro izay nohamasinin'Andriamanitra; tahaka izany no hiheveran'izy ireo ny Sabata raha nomena azy ny fahalalana araka ny tokony ho izy. Azon'ny ray aman-dreny atao ny mitondra ny zanany mivoaka ny trano mba hahita taratra an'Andriamanitra eny amin'ny zavaboary. Azonao atao ny mampitodika ny sainy amin'ireo voninkazo mamelana sy ny tsimoka vao mitsiry, ny hazo mijoalajoala ary ny ahi-maitso milenodenoka tsara tarehy; ary ampianaro azy fa nanao ireo rehetra ireo Andriamanitra nandritra ny henemana ary nitsahatra tamin'ny andro fahafito sy nanamasina izany. Amin'izany no hamatoran'ny ray aman-dreny ny lesona sy ny fampianarany amin'ny zanany, koa rehefa hijery ireo karazan-javaboary ny zanany dia hahatsiaro Ilay Mpamorona lehibe izay nahary ireny rehetra ireny. Hitodika amin'ilay Andriamanitry ny zavaboary ny eritreritr'izy ireohisaintsaina ny amin'ny famoronana ny tontolo misy antsika, fony napetraka ny fanorenan'ny Sabata ary niaraka nanao hiakam-pifaliana ireo zanak'Andriamanitra. Lesona tahaka izany no tokony hampitoerina ao an-tsain'ireo zanatsika."- Letters and Manuscripts, b. 3, t. 292.

Tsy androntsika ny Sabata fa an'Andriamanitra. Tsy maintsy mitandrina ny Sabata amim-pahatokiana isika ary manokana izany fotoana izany ho Azy. Raha tsy izany, raha toa isika manitsakitsaka izany dia toy ny mangalatra ny fotoanan'Andriamanitra izany.

Araka izany, dia asaina mitandrina ny Sabata isika satria masina izany; famantarana izany fa Andriamanitra no Mpamorona antsika ary zavaboariny isika. Hohazonintsika ao an-tsaina izany eo amin'ireo taranaka mifandimby.

**MIVOADY AHO FA ...**

*Hiomana ho amin'ny Sabata mandritra ny henemana, hitandrina amim-pahatokiana ny andro fitsaharana ary hanao izany ho fahafinaretana.*

## IREO TOMBONTSOA AZO AMIN'NY FITANDREMANA NY SABATA

1. **Fifaliana ao amin'ny Tompo**. Amin'ny mahampitandrina ny Sabata antsika dia fantatsika ny fanambaran'Andriamanitra ny amin'ny tokony hanaovantsika ny androny masina ho fahafinaretana. Hoy ny Isa. 58:13, 14: "*Raha miaro ny tongotrao amin'ny Sabata hianao ka tsy manao izay tianao amin'ny androko masina, ary manao ny Sabata hoe Fahafinaretana, ary ny nohamasinin'i Jehovah hoe mendrika hohajaina, ka manome voninahitra Azy ary tsy mandeha amin'ny lalanao, na manao izay tianao, na miteniteny foana, dia hiravoravo amin'i Jehovah hianao.*"

Efa nampanantena Andriamanitra fa hiravoravo amin'i Jehôvah isika amin'ny andro Sabata. Indrisy anefa fa tonga enta-mavesatra ho an'ny olona sasany ny Sabata, tonga andro tsy misy fifaliana izany noho



ny amin'ireo fandrarana nataon'olombelona izay nampidirina ho anatin'ny lalàna mikasika ny Sabata.

Maro amin'ireo fitsipika 1521 mifandraika amin'ny Sabata no manimba ny fahatsarana sy ny fifalian'ny Sabata ary ny fitandremana izany. -John W. Ritenbaugh, "What the Bible Says About Relieving Burdens: Matthew 12:9–14," accessed August 18, 2022, https://www.bibletools.org/index.cfm/fuseaction/topical.show/RTD/cgg/ID/1052/Relieving-Burdens.htm. Amin'izany no ampanalaviran'i Satana ny olona maro amin'ny fanandramana momba ny Sabata ka manjary tsy mahatsapa ny fifaliana izay nomen'Andriamanitra izy ireo.

2. **Loharanon'ny fanambinana**. Arahin'ny teny fikasan'Andriamanitra mikasika ny fanambinana ny didy momba ny Sabata: "*Dia hiravoravo amin'i Jehovah hianao, ary hasandratro ao amin'ny havoana amin'ny tany hianao, sy hofahanako amin'ny lovan'i Jakoba rainao; fa ny vavan'i Jehovah no efa niteny*." (Isa. 58:14.)

   Raha mitandrina ny Sabata amim-pahatokiana isika dia hanandratra antsika ao amin'ny havoana amin'ny tany Andriamanitra ary hamahana antsika amin'ny lovan'i Jakôba. Raha lazaina amin'ny teny hafa, raha mitandrina ny Sabata amim-pifaliana isika dia hitahy antsika Andriamanitra. Hanandratra antsika ho eo amin'ny "tampon"'izao tontolo izao Izy, araka izay voasoratra ao amin'ny Deo. 28:13: "*Dia hataon'i Jehovah ho lohany hianao, fa tsy ho rambony; ary ho ambony tokoa hianao, fa tsy ho ambany, raha mihaino ny didin'i Jehovah Andriamanitrao, izay andidiako anao anio, ka mitandrina sy manaraka azy*." Ny firenena izay mitandrina ny Sabata dia maneho ny fahamarinan'ny Deo. 28:13.

3. **Fankafizana ny zavaboary**. Ny zavaboary no boky faharoa manambara ny amin'Andriamanitra. Izao no nosoratan'i Ellen White: "Ny zavaboary no fitaovana tsy miteny ampiasain'ny Tompo, izay nomena antsika mba hampianatra antsika ireo fahamarinana ara-panahy. Miresaka amintsika ny amin'ny fitiavan'Andriamanitra izy ireo ary manambara ny fahendren'ilay Mpahay kanto lehibe indrindra."-Adventist Home (Hagerstown, MD: Review and Herald Pub. Assn., 1952, 146.). Tombontsoa lehibe no omen'ny Sabata ho an'ireo fianakaviana monina eto amin'ny tontolo mirotoroto, izay voahodidin'ny fitaovana namboarin'olombelona, mba hahitan'izy ireo ny fanambaran'ny zavaboary. Azontsika atao ny mankafy ny asan'Ilay Mpamorona sy ny fomba ikarakarany ny taranak'olombelona. Araka izany, ny Sabata andro fahafito no mampahatsiahy antsika mandrakariva ny toerana misy antsika amin'ny maha-mpitantana ny fananan'Andriamanitra antsika.

   Mampifandray antsika amin'ny zavaboarin'Andriamanitra ny fandaharam-potoana sasany atao amin'ny Sabata folakandro. Azonao atao ireto:

   - Mandeha any amin'ny toeram-pitsangantsanganana na zaridaina iray ary mandinika ny Baiboly any.
   - Mipetraka eo amoron-dranomasina mangina, na eo amoron'ny farihy na renirano, ary mihaino ny fitopa mahafinaritry ny rano.
   - Mandeha mitsangantsangana any an-tendrombohitra mba hifoka lalina ny rivotra madio, ary mankafy ny zava-mahafinaritra eo amin'ny natiora.
   - Mandeha eny anivon'ny zavaboary ary mitondra masolavitra mba hijerena ireo kazaram-borona.
   - Mamelatra lamba eo an-tokotany mba hahazoana otrikaina D avy amin'ny masoandro.

Hampitombo ny fahalianantsika amin'ny fitandremana ny Sabata sy ny fitsenana izany amim-pifaliana isan-kerinandro ny fandinihana sy ny fifandraisana amin'ny zavaboary.

Andeha isika hanao safidy tsotra ka hanao ny Sabata ho fanandramana feno fifaliana ho antsika sy ny fianakaviantsika, ankehitriny, ary mandritra ireo taona ho avy.



**Hiskia Missah,** manana ny **mari-pahaizana D.Min.** dia filoha mpanampy ao amin'ny Departemantan'ny Fitantanam-piainana Kristianina any amin'ny Foibe Maneran-tany (efa misotro ronono).



**Ellen Missah, PhD,** dia manompo amin'ny maha-mpanampy ao amin'ny fitantanan-draharahan'ny Foibe Maneran-tany azy.



ANDRO 7

# MANAO VARAVARANKELY ENY AMIN'NY LANITRA

**Nosoratan'i ANIEL BARBE**

Tsy ela akory izay, nandritra ny fisakafoana atoandro, raha nankafy ny sakafo tianay indrindra izahay dia niresadresaka momba ny teôlôjia araka ny fanao mahafinaritra anay. Afaka fotoana fohy dia niova ny lohahevitra ka nanjary niresaka ny amin'ny valisoa sy ny fitahiana izahay. Moa ve Andriamanitra manome valisoa ireo mahatoky, sa kosa tehirizina ho amin'ny hoavy ny valisoa avy Aminy? Inona ny toetry ny valisoan'Andriamanitra: ara-panahy sa ara-materialy, sa izy roa? Raha misy ny valisoa ankehitriny, inona no tanjon'izany? Mahaliana tokoa fa hevitra maro samy hafa no mipoitra eo amintsika mahakasika izany. Mizarazara hevitra ny Kristianina mahakasika ny valisoa avy amin'Andriamanitra. Ny sasany dia manohana ny hevitra momba ny fankatoavana an'Andriamanitra mba hahazoana fitahiana lehibe kokoa ho an'ny ankehitriny; ny hafa kosa mandà ny fiheverana mikasika ny valisoa ho an'ny ankehitriny. Nahatonga ahy hamerina hijery ny Mal. 3:10-12 izany toe-javatra izany, andalan-teny izay tanisaina ho valisoa avy amin'Andriamanitra ho an'ireo mamerina amim-pahatokiana ny ampahafolony.

## FITAHIANA MIAVOSA

Mampiasa sarinteny ny bokin'i Malakia: "*hovohàko ny varavaran'ny lanitra ho anareo*" (na varavarankely), mba hilazana ny vokatry ny famerenana ny ampahafolony amin'ny fahafenoany ho an'Andriamanitra. Any alohaloha i Mosesy dia nampiasa ny teny hoe: "*ary nivoha ny varavaran'ny lanitra*." (Gen. 7:11), hoenti-milaza ny orana nivatravatra nandritra ireo efapolo andro nisian'ny Safodrano. Saika mitovy amin'izany ihany ny fomba fiteny nampiasainy any amin'ny boky hafa: "*Izaho handatsaka mofo avy any an-danitra*" (Eks. 16:4), mba hanondroana ny mana, ilay hanina nomena ho an'ny Isiraely nandritra ny efapolo taona. Ny hoe "*hovohako ny varavaran'ny lanitra ho anareo*" dia mampita ny hevitra mahakasika ny dingana voalohany ataon'Andriamanitra sy ny harenany ary ny zavatra materialy.

Manambara fahamarinana bebe kokoa mahakasika ny vokatra ho azon'ireo mpamerina ny ampahafolony amim-pahatokiana ny Mal. 3:10: "*hampidinako fitahiana manana amby ampy ho anareo*." Mifandrindra amin'ny teny fikasan'Andriamanitra ao amin'ny Deo. 28 izany fampianarana izany. Ny teny fampidirana ao amin'izany dia miresaka ny amin'ireo olona handray ny teny fikasana, dia ireo izay "*mihaino tsara ny feon'i Jehovah Andriamanitrao (...) ka mitandrina hanaraka ny didiny rehetra.*"( and. 1.) Ao aoriana kely no itanisana ireo fitahiana: "*Hovohan'i Jehovah ho anao ny lanitra, tranony fitehirizan-tsoa, handatsahany ranonorana amin'ny taninao amin'ny fotoany sy hitahiany ny asan'ny tànanao rehetra*." (and. 12.)

Na dia mialoha ny famerenana ny ampahafolony aza ny fitiavan'Andriamanitra sy ny fitahiany, dia ara-Baiboly tokoa ny fanekena fa manome fitahiana ara-materialy be dia be ho an'ireo mpamerina ny ampahafolony amim-pahatokiana Andriamanitra. Manamarina izany fomba fijery izany i Ellen White: "*Raha nekeny tamin'ny fahafenoany sy tamin'ny nahim-pony ny fitakian'Andriamanitra ka notanterahiny, dia ho hita miharihary teo amin'ny fampitomboana ny vokatry ny tany ny fitahiany. Ho betsaka kokoa ny vokatra. Ho afapo tsara amin'izay zavatra nilainy ny rehetra. Arakaraka ny anomezantsika no handraisantsika*."- Torolalana ho amin'ny fahaiza-mitantana, t. 99.

Fahamarinana miorina tsara ny valisoa ankehitriny sy ho avy ho an'ireo izay mahatoky.

Tsy sahala avokoa tsy akory ny fitahiana manana amby ampy atolotr'Andriamanitra. Samy hafa izany ho an'ny tsirairay. Misy ireo izay tsy hangataka hanina (Sal. 37:25), misy kosa ireo izay hanana harem-be. Hazavain'i Ellen White izany toe-javatra samihafa izany: "*Ny sasany amin'izy ireo dia handray avo zato heny eto amin'ity fiainana ity ka hatrany amin'ny fiainan-koavy. Saingy tsy ny rehetra no handray izany satria mety tsy hahazaka izany ny sasany*."- Torolalana ho amin'ny fahaiza-mitantana, t. 253. Andeha isika hitoky amin'ny fahendren'Andriamanitra.

Araka ny boky hoe *"The Message,"* dia izao no ambaran'ny Lio. 16:10-13: "raha tsy mahatoky amin'ny raharaha kely ianareo, iza no hampiandraikitra anareo ny trano firaketana?" Ny fahatokiana eo amin'ny famerenana ny ampahafolony dia maneho fa azontsika atao ny hitantana ireo fitahiana lehibe kokoa avy amin'Andriamanitra.

Amin'izao andro izao dia manitsaka toerana izay tsy mbola hitantsika isika. Maro no tojo toe-java-baovao eo amin'ny fiainana, fanandramana tsy mbola nandramany hatrizay ary tsy manana izay hoenti-manana iatrehana izany izy ireo. Ao anatin'ny toe-javatra tahaka izany dia lehibe tokoa ny fakam-panahy ny amin'ny hampiatoana ny famerenana ny ampahafolony. Kanefa, moa ve tsy hendry kokoa ary ahazoana toky bebe kokoa ny hihazona ireo varavarankelin'ny lanitra hisokatra ho antsika?

## DRAFITR'ANDRIAMANITRA HO FIAROVANA

Ny andalan-teny roa manaraka, Mal. 3:11, 12, dia mamelabelatra ny and. 10. Izao no ambaran'ny Mal. 3:11: "*Ary hasiako teny mafy ny valala noho ny aminareo, ka tsy hanimba ny vokatry ny tany intsony ireny, ka dia hahavanom-boa ny voalobokareo any an-tsaha, hoy Jehovah, Tompon'ny maro*." Mamelabelatra momba ny fomba fiarovana ataon'Andriamanitra i Malakia eto.

Nampianarin'ny fiainana antsika fa tsy ampy ny mahazo fitahiana fa ilaina koa ny mitahiry izany fitahiana izany sy mifaly aminy. Miresaka ny amin'ny vokatra anankiray ateraky ny tsy fahatokiana ny mpaminany Mika: "*Hianao hamafy, nefa tsy hijinja; hianao hanosihosy oliva, nefa tsy hihosotra diloilo, ary hanosihosy ranom-boaloboka, nefa tsy hisotro divay.*" (Mika 6:15.) Toe-javatra mitranga eo amin'ny fiainana izay mandiso fanantenana tokoa izany. Rehefa niakatra ho any Jerosalema ny Zanak'Isiraely nandritra ireo andro firavoravoana telo lehibe, dia nataon'izy ireo hira ny faniriana lalina tao anatiny: "*Sambatra izay rehetra matahotra an'i Jehovah, dia izay mandeha amin'ny làlany. Fa hohaninao tokoa ny asan'ny tànanao; sambatra sady ambinina hianao*."(Sal. 128:1, 2.) Izany no mitranga rehefa asian'Andriamanitra teny mafy, izany hoe haringany sy homontsaniny ara-bakiteny, ny valala (mpandany).

Noresahin'i Jesôsy ny amin'ny fisian'ny mpandany ary ampahatsiahiviny antsika ny drafitra hiarovany antsika: "*Ny mpangalatra tsy avy raha tsy hangalatra sy hamono ary handringana; Izaho avy mba hananany fiainana, sady hananany be dia be*."- Jao. 10:10. Ny mpisolo tena tampisaka ao amin'ny hoe "hananany" dia manondro ireo "ondriny" izay "mahalala ny feony" ary "manaraka Azy." (Jao. 10:4)

Manome toky Izy fa hiaro sy hanome fiainana be dia be ho an'ireo izay manaiky Azy ho Tompony. Tamin'ny andron'i Malakia dia tsy mba nanaiky an'i Jehôvah ho Ray sy Tompony ny vahoaka (Mal. 1:6), ary vokatr'izany dia voaozona ny tso-drano nataon'izy ireo (Mal. 2:2). Mifanohitra amin'izany, ny famerenana ny ampahafolony dia fanekena fa Andriamanitra no Tompontsika sy tompon'ny zavatra rehetra. Amin'izany no amelantsika an'i Jesôsy hanoratra ny anarantsika ao amin'ny drafipiarovany.

Ilaina indrindra amin'izao andro miovaova iainantsika izao ny fiarovan'Andriamanitra: "*Andriamanitra no aro sy hery ho antsika; Mpamonjy mora azo indrindra amin'ny fahoriana Izy. Koa izany no tsy hatahorantsika, na dia ho levona aza ny tany, na mifindra ho ao anatin'ny ranomasina aza ny tendrombohitra, na mirohondrohona sy misamboaravoara aza ny onjany, ka mihorohoro ny tendrombohitra noho ny fisafoakany*."(Sal. 46:1-3.) Eto amin'ny tontolo izay mampitsingilahila ny tsenambola, izay mampivaivay ny ady sy isian'ny loza mananontanon'ny COVID-19 sy ny "variole du singe" ary mampidangana ny vidim-piainana, moa ve tsy mety indrindra ny hipetrahantsika sy hametrahantsika ny zava-drehetra ananantsika ho eo ambany fiahian'Ilay Andriamanitra Tsitoha? Rehefa mamerina ny ampahafolony isika dia misoratra anarana ho ao anatin'ny drafi-piarovan'Andriamanitra.

## FITAHIANA BEBE KOKOA HO AMIN'NY TANJONA IRAY

Izao no hitantsika ao amin'ny Mal. 3:12: "*Ary hianareo hataon'ny firenena rehetra hoe sambatra; fa ho tany mahafinaritra hianareo, hoy Jehovah, Tompon'ny maro*." Mampiasa ny fiteny ataon'ny olona amin'ireo mpamerina ny ampahafolony amim-pahatokiana io andalan-teny io: "*sambatra*" sy "*tany mahafinaritra*."

Ny fiteny hoe "*hataon'ny firenena rehetra hoe sambatra*" dia mihatra amin'ilay vehivavy tsara ao amin'ny Ohab. 31. Derain'ny zanany sy ny vadiny hoe sambatra izy (and. 28). Tsy noho ny hatsaran-tarehiny na koa noho ny fananana nangoniny, fa noho ny asany izay fitahiana ho azy ireo sy ho an'ny hafa: ny soa ataony, ny vokatry ny tanany ary ny asany.

I Maria renin'i Jesôsy koa, dia nantsoina hoe sambatra; noho ny amin'ny asa feno fahafoizan-tenany mantsy dia hotahina izao tontolo izao (Lio. 1:48). Antsoina hoe sambatra ny olona iray rehefa tonga fitahiana manokana ho an'ny hafa. Izany no tanjon'ny fitahiana fanampiny izay manana amby ampy.

Mamelabelatra izany hevitra izany ny apôstôly Paoly: "*Ary Andriamanitra mahay mampitombo ny fahasoavana rehetra aminareo, mba hananareo ny onony rehetra mandrakariva amin'ny zavatra rehetra, ka hitombo amin'ny asa tsara rehetra.*"(2 Kôr. 9:8.) Ho an'i Paoly, ny fahazoana fitahiana bebe kokoa dia midika ho fiheverana ny hafa sy fanaovan-tsoa bebe kokoa. Ny mpino izay mahazo fitahiana be dia be dia tsy miaina araka ny fenitr'izao vanim-potoana izao fa ho amin'ny fitsipika ambony kokoa. Izay fitahiana bebe kokoa azontsika dia tsy natao holanintsika bebe kokoa ho an'ny tenantsika fa mba hahatonga antsika ho fitahiana lehibe kokoa ho an'ny hafa. Tsy ny hahazoana fitahiana bebe kokoa no tanjon'ny fandoavana ny ampahafolony amim-pahatokiana fa ny hahatonga antsika ho fantsom-pitahiana lehibe kokoa ho an'ny hafa!

Ny teny hoe "*tany mahafinaritra*" dia miresaka ny amin'ny fitomboan'ny fahafahan'ny zanak'Andriamanitra mijoro ho vavolombelona satria manjary maha-te haniry izy ireo. Raha nifaly tamin'ireo fitahiana marobe azony ny Isiraely dia nanjary nanintona ny hafa sy naha-te haniry azy ireo. Maro no naniry ho isan'izy ireo sy ho tahaka azy. Mora tamin'ny Isiraely araka izany ny nanatanteraka ny drafitr'Andriamanitra ho azy: "*ary amin'ny taranakao no hitahiana ny firenena rehetra ambonin'ny tany, satria nanaiky ny teniko hianao.*"(Gen. 22:18.) Tsy natao hanatanterahana ny faniriantsika feno fitiavan-tena tsy akory ny valisoa lehiben'ny famerenana amim-pahatokiana ny ampahafolony, fa mba hanompoana amin'ny maha-vavolombelon'ny fahatsarana sy ny fahatokian'Andriamanitra antsika. Rehefa mandray fitahiana be dia be isika dia manana tombontsoa bebe kokoa hampitodihana ny olona amin'Ilay Loharanon'ny fitahiana rehetra.

Hoy i Ellen White: "*Tsy maintsy raisintsika amin'ny Teniny Andriamanitra, ary tsy maintsy mandeha araka ny teny fikasany amin'ny finoana tsotra isika, ka hanome ho an'ny Tompo ny anjarany.*"- Torolalana ho amin'ny fahaiza-mitantana, t. 98. Ankehitriny sy amin'ny andro lehiben'i Jehôvah no handraisan'ireo mpamerina ny ampahafolony amim-pahatokiana ny valisoany (Mal. 4:2, 3). Tanteraka avokoa ny teny fikasany rehetra satria Izy no Jehôvah Tompon'ny maro sy Kômandy ary Kapitenin'ny tafiky ny anjely. Tsy fifampiraharahana ifanaovan'ny olona amin'Andriamanitra anefa ny famerenana ny ampahafolony. Tsy hoe mamerina izany isika mba hahazoana bebe kokoa avy eo. Satria ny toe-tsaina tsy misy fitiavan-tena no mitarika ho amin'ny famerenana amim-pahatokiana ny ampahafolony, dia izany toe-tsaina izany ihany no hanampy antsika hampiasa ireo fitahiana bebe kokoa azontsika mba ho fitahiana ho an'ny hafa sy hijoroana ho vavolombelon'Ilay Mpanome ny fitahiana rehetra.



I **Aniel Barbe** dia tale mpanampy ao amin'ny Departemantan'ny Fitantanam-piainana Kristianina any amin'ny Foibe Maneran-tany, ary koa tonian-dahatsoratry ny gazetiboky «*Dynamic Steward*.»

*«Mampirisika ireo izay novokisany tamin'ny fahatsarany ny Tompon'ny lanitra mba haneho porofo ny momba Azy.»*

***- Ellen G. White, Counsels on Stewardship, t. 82.***




**MIVOADY AHO FA ...**

*Hamerina amim-pahatokiana ny ampahafolon'i Jehôvah (folo isanjaton'ny vola miditra amiko na ny tombony azoko).*



ANDRO 8

# FANATITRA ANKASITRAHANA SY FANATITRA TSY ANKASITRAHANA

Nosoratan'i **MARCOS F. BOMFIM**

Marobe ireo toe-javatra voalaza ao amin'ny Baiboly izay ahitana fa tombanan' Andriamanitra sy tsarainy ny fanolorantsika fanatitra na ny tsy fanolorantsika izany. Ninia nipetraka tandrifin'ny fandatsahan-drakitra i Jesôsy (Mar. 12:41) ary nanombana ny fanatitra natolotr'ilay mpitondratena malahelo (Mar. 12:43). Milaza amintsika izany fa na amin'izao androntsika izao aza, dia manara-maso sy mitsara ny fomba fanomezantsika Izy.

Misy fahamarinana iray manan-danja koa ity: misy fanatitra ankasitrahan'Andriamanitra sy omeny tombam-bidy, ary misy koa fanatitra izay tsy azony ankasitrahana, ary heloka eo anatrehany mihitsy aza, na dia eo aza ny habetsak'izany. Inona ireo fepetra ankasitrahan'Andriamanitra na tsia ny fanatitra?

1. **REHEFA ATOLOTRA AMIN'NY FO MARINA AMIN'ANDRIAMANITRA IZANY** (Sal. 40:6–8; 51:16,17; Isa. 1:10–13; Hôs. 6:6; Mal. 3:2–5; Mat. 9:13; Mar. 12:33)

Araka ny voasoratra ao amin'ny Mal. 3:3, dia ankasitrahan' Andriamanitra ny fanatitra *"amim-pahamarinana,"* izany hoe ny fanatitr'ireo izay namela an'Andriamanitra hanadio sy handrendrika azy (and. 2) ho afaka amin'ny fahotana, toy ny fahotan'ny mpanana ody, ny mpijangajanga, ny mpianian-tsy to, ny mpampahory, ny mpikarama amin'ny karamany mbamin'ny mpitondratena sy ny kamboty, ary izay mampahory ny vahiny (and. 5), raha tsy hitanisa afa-tsy ireo. Amin'izay ihany vao *"mamin'i Jehovah ny fanatitry"* ny olona (and. 4).

Mazava araka izany fa tombanan'Andriamanitra ilay mpanome ny fanatitra, mialoha ilay fanatitra. Tsy hekena velively ny fanatitra na tsara sy lehibe toy inona aza raha tsy marina amin'Andriamanitra ilay mpanolotra azy. Noho izany, ny fontsika aloha no ilaina atao fanatitra, izay vao ny volantsika. Ny hoe manolotra ny fo dia ny manokana fotoana isan'andro hamelana ny Fanahy Masina handinika ny fisainantsika sy ny fironantsika, ary hampitahany izany amin'ny Tenin'Andriamanitra. Rehefa miaiky ny fahotantsika isika ka mino fa ampy hanefana ny trosantsika ny fahafatesan'i Jesôsy, dia mahazo hery, ary manjary maharikoriko antsika ny tenantsika noho ireo lalan-dratsy sy fanao tsy metintsika (Ezek. 36:31), ary avy eo mandray fo vaovao isika, izay feno faniriana hanao ny sitrapon'Andriamanitra (Ezek. 36:26, 27).

2. **REHEFA ATOLOTRA AMIN'NY FO MARINA AMIN'NY OLOMBELONA** (Mat. 5:23, 24; Heb. 13:16)

Izay rehetra marina amin'Andriamanitra dia hiezaka ny ho marina amin'ny olombelona namany koa. Izay manana toe-tsaina liana ady sy manao tsinontsinona ny fihetseham-pon'ny hafa na ny zony na izay ilainy, dia mampiseho fa sandoka ny fivavahany. Noho izany, tsy azon'Andriamanitra ankasitrahana ny fanatiny.

Izany no antony nilazan'i Jesôsy hoe: *"raha mitondra ny fanatitrao ho eo amin'ny alitara hianao, ary eo no mahatsiaro fa ny rahalahinao manana alahelo aminao, dia avelao eo anoloan'ny alitara ny fanatitrao, ka mandehana aloha, ataovy izay hihavananao amin'ny rahalahinao, ary rehefa miverina, dia vao atero ny fanatitrao."* (Mat. 5:23,24.) Efa nanao izay rehetra azoko atao ve aho mba hihavanana amin'ny olona rehetra na iza na iza (Rôm. 12:18), sy hanampy ireo sahirana manodidina ahy? Tsy azon'Andriamanitra ekena ny fanatitsika raha tsy misy izany fanandramana manamasina izany.

3. **REHEFA OLONA MPANKATO NO MANOLOTRA NY FANATITRA** (1 Sam. 15:22; Sal. 40:6–8; Isa. 66:2–4)

Naniry fatratra hitondra fanatitra ho an'i Jehôvah i Saoly mpanjaka, kanefa fomba nentiny hanaronana ny finiavany tsy hankatò ny baikon'ny Tompo fotsiny izany. Tsy niaiky ny fahotany izy, ary tsy nifona noho ny nanaovany zavatra tsy araka ny sitrapon'Andriamanitra (1 Sam. 5). Mety misy olona manao toy izany koa rehefa miasa mandritra ireo oran'ny Sabata izy ireo, ka mampanantena fa hanolotra ny karama azony amin'io andro io ho toy ny karazana "fanatitra fanonerana," satria nanao ny tsy mety izy. Kanefa raha misy lehilahy iray manambady kanefa mampirafy, moa heken'ny vadiny ho fanonerana ny tsy mety nataony ve ny fanolorana azy mofomamy namboarin'ilay rafivaviny?

Noho izany dia hoy i Samoela tamin'i Saoly: *"Sitrak'i Jehovah moa ny fanatitra odorana sy ny fanatitra hafa alatsa-drà mihoatra noho ny mihaino ny feon'i Jehovah? He! ny manafaka no tsara noho ny fanatitra, ary ny mihaino no tsara noho ny saboran'ondrilahy."* (1 Sam. 15:22.) Ny fanatitra izay atao ho solon'ny fandikana ny didiny dia tsy heken'Andriamanitra velively.

4. **REHEFA MIKATSAKA NY VALISOANY ANY AN-DANITRA ILAY MPIVAVAKA FA TSY VALISOA ETO AN-TANY** (Mat. 6:1-4)

Misy olona mety hanolotra fanatitra lehibe na fanomezana lafo vidy kanefa tsy ilay antony tena izy no manosika azy. Ohatra, misy ny sasany te ho fantatry ny olona hoe tia miantra na manao soa ny hafa. Misy koa ireo manome noho ny fitiavany ilay pasitora. Koa satria ny mba hankasitrahan'ny olona (karazana valisoa andrandraina) sy antony araka izao tontolo izao no manosika ireny olona ireny hanome, dia tsy azon'Andriamanitra ekena izany. Raha tsy fitadiavana tombontsoa ho an'ny tenako anefa no anolorako ny fanatitro, dia mety ho tanteraka eo amin'ny fiainako ilay tenin'i Jesôsy manao hoe: *"Ary ny Rainao, Izay mahita ao amin'ny mangingina, no hamaly anao."* (Mat. 6:4.)

5. **REHEFA MIFANDANJA TSARA ARAKA NY VOLA MIDITRA NY AMPAHANY ATOLOTRA** (Deo. 16:17; Mar. 12:41–44; 1 Kôr. 16:1, 2)

Nilaza i Jesôsy indray andro fa ilay olona nanome kely indrindra no nanome mihoatra noho ireo rehetra nanome vola be kokoa (Mar. 12:41-44). Tsy hoe tsy mahay kajy tsy akory Ilay Mpahary izao tontolo izao, fa asehony kosa fa ny fanombanany ny fanatitsika dia tsy miankina amin'ny habetsaky ny omentsika fa ny fifandanjan'izany amin'ny fananantsika. Ny enina isanjaton'ny vola miditra amin'ilay

“”

*Tsy ny halehiben'ny fanatitra no mahatonga azy hankasitrahan' Andriamanitra, fa ny fo nanesika azy sy ny toe-tsaina feno fankasitrahana ary ny fitiavana izay asehony.*

*– Ellen G. White, Counsels on Stewardship, t. 73.*



malahelo dia mitovy ihany amin'ny enina isanjaton'ny vola miditra amin'ilay olona mpanankarena indrindra ihany, na dia tena tsy mitovy aza ny habetsany.

**Tsy ekena velively ny fanatitra na tsara sy lehibe indrindra toy inona aza no natolotra raha tsy vita fihavanana amin'Andriamanitra ilay mpanolotra azy.**

Rehefa mifidy ny hanaraka drafitra isika momba ny fotoana anolorantsika fanatitra sy ny ampaham-bola omentsika amin'izany, dia manamarina fa tsy ny hahatonga antsika ho mendrika no tanjontsika. Manolotra fanatitra kosa isika ho setrin'ny fanomezan'Andriamanitra, satria Izy mandrakariva no manome voalohany. Tsy miandry antsika hanome na inona inona Izy raha tsy Izy aloha no efa nanome zavatra antsika (2 Kôr. 8:11,12).

Rehefa tsy faritan'ny olona hoe firy isanjaton'ny vola miditra aminy no omeny hatao fanatitra (2 Kôr. 9:7), dia manjary ny fony izay mamitaka no manapaka izany (Jer. 17:9). Kanefa raha entiny amim-bavaka izany eo am-pamaritany ny ampahany hatao fanatitra amin'ny vola miditra aminy, dia Andriamanitra izany no asainy manapaka ny amin'ny fotoana sy ny ampahany tokony homena.

Efa nofaritako ny ampahany homeko an'Andriamanitra avy amin'izay nomeny ahy. Koa satria mpiara-miasa eo amin'ny asa famonjem-panahy izahay dia arakaraky ny haben'ny fitahiany ahy ara-bola no anomezako be Azy koa. Ary raha mbola mila vola fanampiny Izy hampandrosoana ny asany, dia hanome ahy vola fanampiny Izy satria fantany fa amin'ny vola tsirairay omeny ahy dia efa misy ampahany voafaritra averina Aminy ho fampandrosoana ny fanjakany.

6. **REHEFA MIFANARAKA AMIN'NY TOROMARIKA OMENA NY FANOLORANA AZY** (Gen. 4:4, 5; Heb. 11:4)

Maneho amintsika ny tantaran'i Kaina sy Abela fa tsy azon'Andriamanitra ankasitrahana ny fanatitra izay tsy natolotra araka ny toromarika nomeny. Nanapakevitra ny hanolotra fanatitra araka izay sitraky ny tenany i Kaina, ary *"Kaina mbamin'ny fanatiny tsy mba nankasitrahan'Andriamanitra."* (Gen. 4:5) Neken'ny Tompo ny fanatitr'i Abela noho ny fanarahany ny fitarihany ka *"nitondran'i Abela kosa ny voalohan-terak'ondriny, dia izay matavy. Ary Jehovah nankasitraka an'i Abela mbamin'ny fanatiny."* (Gen. 4:4.)

Tsy ho ampy ny toerana hanoratana raha hodinihintsika eto avokoa ireo toromarika hita ao amin'ny Baiboly sy ny bokin'ny Fanahin'ny faminaniana momba ny atao hoe fanatitra ankasitrahan'Andriamanitra. Kanefa ankoatra ireo teboka efa hitantsika tetsy ambony, dia azontsika ampiana koa hoe: tokony hatolotsika toy ny voaloham-bokatra ny fanatitra fanaontsika, dia araka ilay fotokevitra hoe: Andriamanitra aloha (Mat. 6:33).

Ny fanaterana ny voaloham-bokatra (na ny voalohan-teraka) dia fanatitra mahazatra nataon'ny zanak'Andriamanitra ho fahatsiarovana fa Izy no Mpanome sy Mpamelona. Antony tokana ihany no nankasitrahana ireny fanatitra ireny: satria, maty i Jesôsy, Ilay Zanak'ondrin'Andriamanitra, mba hanavotra antsika noho ny fahotantsika, ka nanokatra lalana ho antsika mba haneken'ny Ray antsika.

"Ny tena antony manosika ny fanomezana io fanatitra io dia tsy fihetseham-po mahafinaritra, na noho ny filana manokana, na noho ny antso, na noho ny fitiavana ny pasitora na mpitarika fivavahana iray, na ho fanohanana ny fiangonana sy ny asa misiônera koa aza; tsy izany fa noho Andriamanitra Izay manome tombony. Fomba iankohofana amin'Andriamanitra izany, ankoatra ny ampahafolony (Mal. 3:8-10), isaky ny mitombo ny vola miditra." - Marcos Faiock Bomfim, "God First: Biblical Narratives of Givers and Giving," *Inverse Sabbath School Quarterly* first quarter, lesson 2 (2023).

## FAMARANANA

Mialoha ny anaovantsika fanompoam-pivavahana amin'ny alalan'ny fanatitra dia miantso antsika Andriamanitra handinika ny fontsika sao mbola misy fahotana tsy niaikena ka mahatonga ny fanatitsika tsy hankasitrahana. Kanefa tsy maintsy dinihintsika koa ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra sy ny hafa, ny antony manosika antsika hanolotra, ary ny fotoana anomezantsika izany sy ny hatsaran'ilay fanatitra. Ny tsara indrindra ve no nomentsika? Manambara fankasitrahana sy fankatoavana Azy ve izany?

Andeha hohararaotintsika ny fiankohofana amin'ny alalan'ny fanatitra mba hanakekezantsika bebe kokoa an'Ilay nanavotra antsika tamin'ny rany, sady Ilay Mpamelona antsika!



**Marcos F. Bomfim** dia filohan'ny Departemantan'ny Fitantanam-piainana Kristianina ao amin'ny Foibe Maneran-tany, sy tonian-dahatsoratry ny "*GodFirst* newsletter."

Natontan'ny Trano Pirinty Advantista
Soamanandrariny.
BP 1134 Antananarivo 101
Lalam-pirenena faha-2 mankany Toamasina, PK 6
Tél: 033 37 107 17; 033 37 110 39
Email: impriad@mea.adventist.mg
Voatolotra ara-dalàna: lah. 574-D/09.22
Ny natonta: 7 150 isa